Mpifatotra Iray

Eto indray, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ary handre an'ireo asa lehibe sy mahery izay Nataonao, taloha. Ary mitsangana izahay ankehitriny miaraka amin'ny fanantenana, izay manangana ny finoanay sy manosotra anay, mba hino fa izay nangatahanay izao hariva izao dia ho ekena. Ianao no mahafantatra ny isanisany sy ny tsirairay avy amin'izy ireo, ny rehetra izay nangatahan'izy ireo. Ary mivavaka ho azy ireo izahay, indrindra, Tompo, ireo izay tena akaikin'ny fahafatesana. Mitondrà fiadanana ho an'ny fanahin'izy ireo raha mbola tsy ao izany. Mitondrà fanasitranana ho an'ny vatan'izy ireo. Ekeo izany, Tompo.

2 Tahio ny fahatongavanay miaraka. Izahay—izahay dia mivavaka, Tompo, amin'ity fivoriam-bavaka Alarobia hariva ity, mba, raha miangona izahay, mahafantatra fa na aiza na aiza iangonan'ny roa na telo, dia hiaraka aminay Ianao. Ary mangataka Aminao izahay, Tompo, hanome anay ny Teninao izao hariva izao. Mitenena aminay, Tompo, ary afanao ny fonay, amin'ny fomba hafa, mba hahafantaranay hoe ahoana no hifehezana ny tenanay ho an'ilay andro izay mipetraka eo alohanay, fa mino izahay fa akaikin'ilay Fihavian'ny Tompo izahay.

3 Misaotra Anao izahay ny amin'ny olona ankehitriny izay manomboka mahita fa sarobidy amin'izy ireo ny finoana, ary mahafantatra hoe inona no dikan'ny finoana. Ary mahafantatra, misaotra Anao aza ho an'ny fotoana izay eo alohanay, mino fa hanao zavatra Ianao. Tompo, miandry miaraka amin'ny fanantenana izahay, tahaka ny tamin'ny andro fahiny, mino fa akaiky ny fotoana izay Hanokafanao mihitsy an'ireo varavarankelin'ny Lanitra sy handrarahanao an'ireo teny fikasana izay nampanantenain'Andriamanitra amin'izao andro farany izao.

4 Mangataka Aminao izahay ankehitriny, Tompo, mba—mba hiaraka amin'ny rehetra, manerana ny firenena, araka ny renay androany fa marobe ireo manerana, na aiza na aiza, izay manana ilaina. Ekeo ho azy ireo ny fangatahany, Tompo. Ary mivavaka izahay mba hahita an'ilay tànan'Andriamanitra lehibe mihetsika manerana an'izao tontolo izao eo anivon'ireo izay miandry an'izany zavatra lehibe izany.

5 Mamelà anay noho ny fahotanay. Diovy izahay, Tompo, amin'ny Fanahinao sy ny Teninao, mba hahafahanay hifehy ny tenanay, mpanompo mankatò, mpanompo mankatò ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Avelao izahay hahatsiaro, sy hiezaka hieritreritra ao am-ponay, an'izay nataon'ireo Kristiana

voalohany. Karazan'olona inona no hihaonanay raha hihaona amin'ireo izay nanana fifandraisana manokana Taminao izahay. Toy ny ahoana no tsy maintsy hamirapiratan'ny tavan'izy ireo miaraka amin'ny finoana sy ny fifaliana. Toy ny ahoana no tsy maintsy niainan'izy ireo ny Tenin'Andriamanitra velona, tena "epistily voasoratra vakian'ny olona," raha nandeha sy teo anivon'ny olona izy ireo. Andriamanitra, ekeo indray mandeha koa izany.

6 Enga anie ny fiainanay ho tena voatolotra Anao, mba hiainan'ny Fanahy Masina Izy tenany amin'ny alàlanay, ary hiteny amin'ny alàlanay, Tompo. Enga anie izahay hahatsiaro, ao an-tsainay, raha mandeha eny an-dàlambe izahay ka mifampikasokasoka amin'izao tontolo izao, fa tsy natao hitovy amin'izy ireny izahay. Ary hihataka izahay ka hanome azy ireo ny toerana, Tompo, dia ny toerana ananan'izy ireo ny zony feno eto amin'ity tany ity. Haka ny seza any aoriana izahay, mahafantatra fa izahay dia solontena avy any amin'ny tontolo iray hafa. Manana Fanjakana iray izay ho avy amin-kery izahay, Tompo. Ary ho avy tsy ho ela ny Mpanjakanay lehibe ka haka ny fanjakana rehetra izay eo amin'ny Taniny. Ary Izy no hanapaka sy hanjaka; hiaraka Aminy eto an-tany izahay, arivo taona, ary hiaraka Aminy mandrakizay.

7 Miaraka amin'izany ao an-tsaina, Tompo, dia manantena ny valin'ny vavakay izahay. Miantehitra amin'ny fiaikenay izahay. Raha nanao zavatra izahay, niteny zavatra, na nisaina zavatra, izay mifanohitra amin'ny Sitraponao lehibe, dia aoka ny Ràn'i Jesosy Kristy no hanadio anay.

8 Tariho izahay, Tompo, araka ny nolazain'ilay anabavy izao hariva izao, mikasika azy sy ny vadiny teny amin'ny làlana nankany Chicago. Tariho izy ireo, Tompo Andriamanitra, ho eo amin'ny toerana izay Azonao ampiasaina, mba hahatonga azy ireo ho tara-pahazavana eo amin'ny hafa izay miraparapa ao anatin'ny aizina, izay tsy mahafantatra an'i Jesosy Tomponay. Ankehitriny dia apetrakay Aminao ny fotoana, ary amin'ny fihainoana ny Tenin'ny fanitsianao, dia enga anie izahay hahafantatra hoe ahoana no fiomanana ho an'ity ora lehibe ity, amin'ny Anaran'i Jesosy no angatahanay an'izany. Amena.

[Elanelana tsy voaraki-peo. Manazava Rahalahy Neville—Mpand.]

Ny Tompo hitahy anao. Misaotra anao, rahalahy.

9 Tsy nanantena kely an'izao aho. Izaho, raha tany an-trano, dia nahatsapa ho tsy toy ny hoe tokony handeha any ho any aho, hamehana, nahatsapa ho tena narary aho, raha hipetraka ao an-trano aho ka tsy ho avy amin'ny fivoriam-bavaka. Ary karazany namangy fotsiny aho, tsy nanampo, ho an'ny tenako, na ho an'ny fianakaviako aza. Niditra fotsiny aho, ary niainga avy hatrany. Ary dia hoy aho hoe, "Handeha ho any amin'ny fivoriam-bavaka

aho." Ary tsy nanam-potoana hiomanana hahatongavana akory aza izy, noho izany dia tsy fantany fa ho avy aho.

10 Noho izany dia faly aho nandre ny fijoroana vavolombelon'ilay anabavy teo, ilay rahalahy, mikasika an'ilay Hazavana tany Carolina Atsimo na Carolina Avaratra, tany ho any. Greenville, izay ve ilay izy? [Hoy ilay anabavy hoe, "Tsia. Southern Pines."—Mpand] Southern Pines. Eny.

11 Eto mihitsy androany Rahalahy Lee Vayle. Nataoko batisa izy, androany, tamin'ny fotoan'ny batisa teto androany. Rahalahy Lee Vayle dia fantatrareo, ary ireo mpitoriteny eo, Rahalahy Parker Thomas. Misy . . .

12 Tsaroako ny—ny fotoana, anabavy anankiray voaaloka. Izany no fanamarinana lehibe, ranabavy, ny amin'ny . . . Ny Fanahy Masina dia hamela antsika handeha indraindray ary mitsapa ny finoantsika, mba hahitana hoe inona, ary mitsapa ny finoan'ny hafa. Rehefa mijery zavatra iray avy hatrany ianareo, ka mahita zavatra, ary milaza an'izany; dia mijery ireo hafa fa tsy mahita an'izany, milaza izy ireo fa tsy eo ilay izy. Hitanareo? Fa eo ilay izy.

13 Ankehitriny, tsy nisy anankiray afaka nahita fa nihantona teo ambonin'i Paoly ilay Hazavana, fa teo Izany. Tsy nisy anankiray nahita an'ilay voromailala nidina avy tany Andanitra, tao amin'ilay Hazavana, tao amin'ny endrika iray, ary nihantona teo ambonin'i Jesosy, afa-tsy i Jaona irery. Fa teo Izany. Hitanareo?

14 Ary noho izany, tamin'izany fotoana izany, taty aoriana rehefa nolazaiko tamin'ny olona ny mikasika an'io Hazavana io izay toy ny Andry Afo iray, dia tsy nisy anankiray te-hino an'izany. Fa ankehitriny ny maso mekanikan'ilay fakan-tsary no nanondro an'Izany, toy ny ahoana no nahatongavan'Izany.

Ary maizina ilay fanahy ratsy.

15 Izany dia tahaka ny fiainantsika mihitsy, voaaloka isika. Ary isika dia . . . Raha hazavana iray isika, raha mifanaraka tsara amin'ilay Hazavan'ny andro ny fiainantsika, dia mandeha ao amin'ny Hazavana isika.

16 Izany dia tahaka anareo mijery any ivelany fotsiny ka manao hoe, "Mahita ny masoandro aho," amin'ny antoandro. Ianareo—ianareo dia mahita ny alok'ilay masoandro. Taratr'ilay masoandro izany. Tsy ilay masoandro izany, izy tenany, fa izany dia manaporofo fa misy ny masoandro iray. Izany dia manaporofo fa misy ny masoandro iray.

17 Ary ankehitriny rehefa mahita aho, ohatra ianareo mipetraka eo, mampiasa fikopahana, miresaka, izany no midika fa velona ianareo, saingy aloka iray an'ny fiainana fotsiny izany.

18 Satria, ny zavatra rehetra dia tsy maintsy manana aizina ao anatiny, mba hanao aloka iray. Hitanareo? Satria, ny aloka iray

dia tsy maintsy manana aizina betsaka sy hazavana betsaka, mba hanao aloka iray. Ary tsy mety ho aizina tanteraka izany, ary tsy mety ho hazavana tanteraka izany. Raha aizina izany, dia tena aizina ilay izy. Raha hazavana izany, dia tsy misy aloka, tsy misy na inona na inona hanao aloka iray. Saingy raha mifangaro amin'ny aizina sy hazavana izany, dia manao aloka iray izany.

19 Noho izany dia tena aloky ny hazavana isika. Ankehitriny dia manome taratra ny fiainana iray avy any ho any ianareo. Raha izany ianareo, ary Kristiana, ary ity amin'ny maha-aloka iray, dia manaporofo fotsiny izany fa misy ny Fiainana iray izay tsy hahafahanareo ho faty, satria ity fiainana ity dia manana fahafatesana ao anatiny. Hitanareo? Saingy aloka ilay izy, satria velona ianareo, zava-manan'aina mihetsika miaraka amin'ny fahafaha-mahita, mieritreritra, mihetsika, sy miresaka, ary ireo taovam-panamboloana dimy an'ny vatana. Kanefa kosa dia fantatrareo, izy ireo, izy ireo dia ho faty. Ary misy olana marobe eo. Fantatrareo, izany dia tsy mety fotsiny ho . . . Taratra iray izany, hitanareo, hoe misy fiainana sy fahafatesana mifangaro miaraka.

20 Ilay ara-batana dia tsy maintsy maty. Fa raha taratra ianareo, amin'ny alàlan'ny fiainanareo mety maty, an'ilay Hazavan'ny Lanitra, amin'izay fotoana izay dia mitaratra fotsiny an'ilay Fiainana Mandrakizay ianareo, Andriamanitra. Avy eo rehefa maty ianareo, dia tsy afaka manao afa-tsy ny mandeha mankany amin'io Hazavana io ianareo, satria Izany ilay tarafinareo.

21 Raha avy amin'izao tontolo maizina izao ianareo, dia mitaratra an'izany ianareo, ary ianareo dia afaka manao, tsy mandeha amin'ny làlana hafa afa-tsy ny aizina. Hitanareo? Noho izany dia ao anatin'ny taratra iray isika. Noho izany, dia hitantsika izany. Ary azo antoka tahaka ny hitarafan'ny Fanahy Masina ny Hazavana sy ny Fiainana, dia toy izany koa no itarafan'ny fahafatesana ny aizina.

22 Ary eto izy roa ireo. Rahampi- . . . Amin'ny faran'ny herinandro, angamba amin'ny Alahady, dia hahazo an'ilay sary kely nohalehibeazina isika ho amin'ny hahabe mivelatra, mba hahafahany hipetraka eo amin'ny peta-drindrina.

23 Eo, ilay sari*nareo* mihantona eo amin'ny peta-drindrina ao ivelany ao. Tsy fantatro raha voamarikareo ilay izy, na tsia. Ary avy eo . . .

Ary teo amin'ny herinandro lasa teo izay, tany—tany Jamaica, izay nanaovako dia misionera. Mandefa an'ireo horonam-peo manerana an'izao tontolo rehetra izao izahay. Ary *Ny Tombokase Fito* dia niditra tany . . . tany lavitra tany Jamaica afovoan-tany, niditra tany anatiny. Ary tena mbola fahagola be ny any, any ambadik'i Blue Mountain. Ary ireo tera-tany, indraindray, izy ireo dia manana ny—ny fandraisam-peo

izay nomenay azy ireo, izay ianareo no tsy maintsy mba—mba, tahaka an'ilay Victrola tranainy, manodina an'ilay izy, ary avy eo dia mamela—mamela an'ilay izy handeha tahaka an'izany. Avy eo, afaka minitra vitsy, dia tsy maintsy misy olona manodina an'ilay izy.

24 Io vondrona io dia manana ny—ny bateria kely, bateria enina volta, na zavatra hafa anankiray, mampandeha an'ilay fandraisam-peo. Ary izy—izy rehetra dia miara-mipetraka, saiky tahaka ny eto amin'izao hariva izao, mihaino an'ireo *Tombokase*, mino aho fa izay ilay izy. Ary raha mbola niteny aho, dia voamarik'izy ireo, niditra tao amin'ilay efitra, tonga io Andry Afo iray ihany io, nihetsika teo ambonin'izay nisy an'ilay fandraisam-peo ary nipetraka teo an-tampon'izany. Ary lasa izy ireo ka naka fakan-tsary ary naka ny sarin'Izany. Ary io Anankiray io ihany, io Izy io, mihantona mihitsy eo ambonin'izany. Ankehitriny dia halehibeazintsika izany, mba hahafahantsika mametraka azy eo amin'ny—ny peta-drindrina ao ivelany ao, mba hahafahanareo mahita azy.

25 Tena mankasitraka isika noho ny fahasoavan'Andriamanitra izay nitondra tao amin'ny antsika . . . antsika tao amin'ny Fanatrehany amin'izao andro izao. Ankehitriny dia mankasitraka isika ny amin'ireo zavatra maro.

26 Ankehitriny dia mihevitra aho fa hijery ato amin'ity ary hahita aho raha afaka mahita ny sasany, ny sasany amin'ireo naoty na ny sasany, zavatra hafa anankiray izay noteneniko. Na, hanome antsika karazany anankiray avy amin'ny—ny . . . Manana lahatsoratra anankiray voasoratra aho, anefa, ato anatiny ato ao amin'ny boky. Raha afaka mahita anankiray aho, dia ny Tompo angamba no hanome ahy zavatra anankiray mba hilazana zavatra, raha mivavaka isika.

Ankehitriny dia eo ambanin'ny fanantenana isika ho an'ny Alahady.

27 Niresaka aho tao amin'ireo Hafatra. Ary, ny Alahady, dia nihazona anareo ela be aho, teo amin'ny, "Nahoana ianao no mitaraina amiko? Mitenena amin'ny olona dia mandrosoa."

28 Ankehitriny, ny Alahady dia asam-panasitranana izay tokony hivavahana ho an'ny marary. Ankehitriny, mandeha mankany amin'ilay marary ianareo, ary tsy maintsy misy antony iray ho an'ilay marary, rehefa mivavaka ho azy ireny isika, ka tsy sitrana izy ireo. Ary maniry aho mba, raha sitraky ny Tompo, ho toriteny fohy iray fotsiny amin'ny Alahady maraina, ihany koa. Noho izany, dia hanana asam-panasitranana iray aho, ary hivavaka ho an'ny olona rehetra. Ary i Billy Paul sy ny sasany amin'izy ireo dia ho eto amin'ny Alahady maraina, eo amin'ny valo eo, rehefa mivoha ny fiangonana, mba hanome an'ireo karatra ho an'ny olona raha miditra eo am-baravarana izy ireo, na oviana na oviana hidiran'izy ireo.

29 Ary ankehitriny, amin'izay fotoana izay, dia tiako ny hiezaka, mino aho fa ny Tompo dia nanome ahy na izany aza fahaiza-mamantatra kely iray eo amin'ny antony hoe nahoana no misy olona sasany izay tsy sitrana. Ary izaho—izaho dia mino fa tsy fahampian'ny fahazoana izany. Ary izaho—izaho dia mino, angamba, hiresaka ny amin'izany isika, amin'ny Alahady maraina, raha sitraky ny Tompo.

30 Ankehitriny, ny fivoriam-bavaka Alarobia hariva dia fivoriana fohy izay ivoriantsika miaraka sy mivavaka, araka ny ananantsika, sy hikambanantsika miaraka.

31 Indraindray, izaho—izaho dia mino fa ny anankiray amin'ireo zavatra lehibe izay hitako amin'izao andro izao, dia ny tsy fahampian'ny fahatsorana eo amin'izay inoantsika. Hitanareo? Hitanareo? Raha Andriamanitra, tamin'ny andron'i John Wesley, no nanao tamin'izany andro izany izay Nataony amin'izao andro izao, dia inona no nataon'izany; tamin'ny andron'i Martin Luther, na iza koa? Tahaka ny nahitantsika Azy manao, samy voaporofo tamin'ny alàlan'ny Fiangonana, tamin'ny alàlan'ny Fanahy; ary tamin'ny alàlan'ny siansa, sy ny hetsika rehetra, ny—ny fisehony dia tokony ho fantatra. Ary ny Tenin'Andriamanitra eto dia nanambara an'Izany ary niteny an'Izany talohan'ny nisehoan'Izany. Ary avy eo dia nitombo, sy maminany, ary maneho an'ilay tena zavatra izay Nolazainy. Hiseho tanteraka tokoa izany, izay Nolazainy marina tokoa. Nefa isika dia mbola mipetraka tahaka ny kamo, toy ny hoe manontany tena isika. "Eny, manontany tena aho raha mety mikasika ahy izany? Manontany tena aho raha mety mikasika fotsiny ny—ny fiangonana izany, manontolo. Na—na, manontany tena aho raha tena tafiditra tokoa ao amin'Izany aho?" Heveriko, fa amin'ny Alahady maraina, dia hiezaka aho ny hiresaka eo amin'ny sasany amin'ireo fitsipika ireo izay mety hanazava kely antsika.

32 Ankehitriny, izao hariva izao, dia nahita zavatra aho, namadika an'ity eto ity fotsiny, talohan'ny nahatongavako. Nieritreritra aho hoe, "Ahoana moa raha Rahalahy Neville, raha ho tonga any aho, sendra hiteny izy hoe, 'Mitsangana ary mitenena,' ary hipetraka fotsiny"? Hitanareo? Nieritreritra aho hoe, "Tsaratsara kokoa ho ahy ny manoratra Soratra vitsivitsy." Satria, fantatro, izy, izy dia tena rahalahy maha-te-ho tia iray, ary isika—isika dia mankasitraka azy.

33 Mialohan'ny hivavahantsika ho an'ny Teny, dia tiako ny hiarahaba ny—ny rahalahy iray. Tsy vitako akory aza ny hiantso ny anarany amin'izao fotoana izao, ny anankiroa amin'izy ireo. Eto izy ireo, sakaizako. Ny . . . Mpitoriteny sy evanjelista izy ireo, eny amin'ny saha, nivoaka. Nandre an'ireto Hafatra ireto izy ireo tamin'ny alàlan'ny horonam-peo. Ary nivoaka avy tao amin'ny anaram-piangonana samihafa izy ireo, lehilahy tanora anankiroa. Ary ilay tovolahy dia tena, ny anankiray amin'izy ireo

dia tena liana, hany ka nandeha fiaramanidina izy, tany Tucson, vao haingana mihitsy, teo amin'ny famaranana ny fivoriana iray. Mino aho fa tao amin'ny Sakafo marainan'ny Business Men aho. Ary ilay lehilahy tanora, lehilahy tanora mahafinaritra, dia tonga tany. Ary izy dia . . .

34 Avy any Kansas izy ireo. Ary nandeha tamin'izany làlana rehetra izany izy ireo eto mba hanaovako ny fanambadian'izy ireo. Mankasitraka an'izany aho. Ny mieritreritra fa hoe ny olona dia mino ny vavakareo, betsaka, mino fa Andriamanitra dia handre sy hamaly; olona tanora izay manomboka ny fiainana, tahaka an'izao. Ary rehefa tonga eto izy ireo mba hanaovako ny fanambadian'izy ireo, omaly, mba hahita an'izay takian'ny lalànan'ny fanjakan'i Indiana, ary na dia teo aza ny fizahan-drà an'izy ireo, dia miandry eto amin'ny fanjakana, telo andro, alohan'ny hahafahan'izy ireo hivady. Noho izany, dia tsy afaka mivady izy ireo alohan'ny Zoma maraina.

35 Ary hangataka ny rahalahintsika iry amin'ny farany iry aho, raha hitsangana fotsiny izy ka hiteny amintsika hoe iza izy, ary ny ramatoa keliny maha-te-ho tia iry, ary ilay rahalahy manaraka.

36 [Hoy ilay rahalahy hoe, "Misaotra anao, Rahalahy Branham. Tombontsoa ny tonga eto. Ary izaho dia . . . Rahalahy Roger ary mipetraka any Kansas aho, mitety eny amin'ny saha, amin'ny maha-evanjelista iray, milaza hoe, 'Jesosy dia mamonjy, manasitrana, amin'ny alàlan'ny finoana an'i Jesosy . . . ? . . .' Izaho dia mitondra foana . . . ? . . . Ity no fofombadiko, Patricia Brown. Hivady izahay, amin'ny Zoma. Ny evanjelista miaraka amiko sy mpiara-miasa, Rahalahy Ronnie . . . ? . . . iry amin'ny farany. Ary Atoa. Peetree eo amin'ilay . . . ? . . . "—Mpand.]

37 Misaotra anao, betsaka tokoa. Mirary tokoa izahay ho an'ireto ambasadaoro tanora ireto, ho an'ny asan'ny Tompo Jesosy, an'ireo fitahian'Andriamanitra, hanafaingana azy ireo eny amin'ny làlana. Ary raha manontany tena aho, miandry ny Fihavian'ny Tompo, ka mahita lehilahy tanora sy vehivavy tanora miaraka amin'ny tanjona iray ao am-po, hanompo an'i Kristy, dia mampientanentana ahy izany, hitanareo, ny mahita azy ireo mitsangana tahaka an'izao. Ny Tompo hitahy anareo, betsaka, ry rahalahiko, anabaviko.

38 Ankehitriny dia ndao isika hamadika ao amin'ny Boky kely iray izay tsy mbola noresahiko mihitsy taloha, teo amin'ny fiainako. Ary izany dia tena . . . Toko anankiray fotsiny, ny Bokin'i Filemona. Ary izany dia . . .

39 Irlandais kely anankiray fotsiny aho, ary izaho—ary izaho dia tena manana tariby iray manodidina ny vaza-nifiko, mba hihazona ny vitsivitsy amin'ny toerana ao aoriana ao. Indraindray dia tsy manonona tsara an'ireo anarana ireo aho, nefa dia fantatro tsara hoe inona izy ireo. Ary indraindray dia tsy

mahay manonona tsara azy ireny aho, noho ny tsy fahampian'ny fianarana. Noho izany, "Filemona," nisy olona niteny tery aoriana tery, izay heveriko fa izany ilay tena fanononana marina an'ilay izy.

40 Ankehitriny, ny andininy faha-1, te-haka teny iray na roa avy amin'izany fotsiny aho.

Paoly, mpifatotr'i Jesosy Kristy, . . .

41 Ary izany no tiako hampiasaina izao hariva izao, ho lahatsoratra iray, raha sitraky ny Tompo, dia: *Mpifatotra Iray.*

42 Ankehitriny, dia ho sarotra aminareo ny hieritreritra an'i Paoly mijery ny tenany ho mpifatotra iray. Lehilahy teraka malalaka, feno ny Fanahy Masina, saingy mbola miantso ny tenany hoe "mpifatotra iray."

43 Ary ankehitriny dia mahita isika, rehefa nandahateny tamin'ireo Korintiana izy hoe, "Paoly, apostolin'i Jesosy Kristy." Tamin'ny fotoana hafa dia hoe, "Paoly, mpanompon'i Jesosy Kristy noho ny sitrapon'Andriamanitra," rehefa niresaka tamin'i Timoty izy, ireo sisa hafa. Ankehitriny dia manoratra ho an'i Filemona izy eto, hoy izy hoe, "Paoly, mpifatotr'i Jesosy Kristy." "Paoly, apostoly iray," tiako ny hitory eo amin'izany indray hariva. "Paoly, ny—ny mpanompo iray," hitory eo amin'izany. Ary avy eo, "Paoly, mpifatotra iray."

44 Fa, izao hariva izao, satria izany dia mila ora maro mba handinihana ny anankiray amin'ireo lohahevitra, tiako ny haka, izao hariva izao ny, "Paoly, ilay mpifatotra," ary haka ny lohahevitra hoe: *Mpifatotra Iray.*

Ankehitriny ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

45 Tompo Jesosy, ny olona rehetra, izay mahavita ara-batana, dia afaka mamadibadika an'ireo pejin'ity Baiboly ity, saingy ny Fanahy Masina irery ihany no afaka mandika an'Izany ao amin'ny hazavana izay nandikana an'izany. Mangataka Azy izahay ho tonga ankehitriny ka hanampy anay hahazo hoe inona izao, nosoratana, ity mpaminany lehibe, mahery ity, i Paoly, kanefa dia miantso ny tenany hoe "mpifatotra iray." Enga anie ny Fanahy Masina hanambara an'ity aminay raha miandry Azy izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

46 Ankehitriny dia azoko eritreretina, i Paoly, rehefa nanoratra an'ity taratasy ity ho an'i Filemona izy, toy ny ahoana no nipetrahany tao anatin'ny fonja, tao amin'ilay tranomaizin'io tanàna io, ny—ny—ny mpifatotra iray. Ary fantany tsara, tamin'ny alàlan'io toerany io hoe inona no dikan'ilay teny. Izy dia voafefy tamin'ny—tamin'ny—tamin'ny tsivalam-by. Izy—izy dia tsy mety ho afaka mihitsy raha tsy misy olona iray handefa azy ho afaka. Ary fantany hoe inona izany mpifatotra iray izany. Ary avy eo, indray, mino aho fa ilay—ilay apostoly dia te-hilaza

kely fotsiny . . . tsy ilay toerana izay nisy azy no tena nolazainy, amin'ny maha-mpifatotra eo amin'ny—ny ara-batany nipetraka eto amin'io—io fonja io. Fa mino aho fa nanondro ny—ny vatany izy, ny—ny—ny fanahiny, ny sitrapony, amin'ny maha-mpifatotra amin'i Jesosy Kristy.

47 Ankehitriny, isika rehetra dia teraka, manana safidy malalaka, handray ny fanapahan-kevitra rehetra izay tiantsika. Manao an'izany amim-pahamarinana Andriamanitra. Satria, tsy maintsy mametraka ny olona rehetra eo amin'ny fototra mitovy Izy, raha tsy izany Izy dia nametraka an'ilay olona ratsy teo amin'ny . . . Nametraka an'ilay olona voalohany teo amin'ny fototra diso Izy, mba Hametrahany ny safidy malalaka. Hitanareo? Isika dia tena marina tokoa, izao hariva izao, fa mitovy amin'i Adama sy Eva. Tsy misy fahasamihafany. Ny tsara sy ny ratsy dia mipetraka eo anoloan'ny tsirairay avy amintsika. Ny fiainana sy ny fahafatesana, afaka manao ny safidintsika isika; miankina aminareo, ny fanaovana an'izany. Hitanareo?

48 Izany no fomba nataon'i Adama sy Eva, ary, hitanareo, ary—ary nanao an'ilay safidy ratsy izy ireo. Ary ankehitriny, tamin'ny alàlan'izany, no nametrahany ny taranaka rehetra, avy amin'ny taranak'olombelona, teo ambanin'ny fahafatesana, ilay sazim-pahafatesana.

49 Ary avy eo dia nidina Andriamanitra tao amin'ny endrika olona ary naka an'io fahafatesana io, ary nandoa an'ilay sazim-pahafatesana, ka ny . . . Ny Olony izay naniry ny—ny ho afaka dia nahazo nandeha afaka.

50 Ankehitriny, raha naka antsika Izy, tsy niaraka tamin'ilay fomba nitovy tamin'ny Nataony tamin'i Adama sy Eva, hoe nisintona antsika fotsiny tamin'ny alàlan'ny zavatra anankiray, nanao hoe, "Hamonjy anareo aho na tianareo na tsia," amin'izay fotoana izay dia nametraka an'i Adama sy Eva Izy teo amin'ny—teo amin'ny fototra ratsy, hitanareo. Fa ny tsirairay avy amintsika dia tsy maintsy misafidy, amin'ity andro ity, eo amin'ny fahafatesana sy ny fiainana. Afaka manao an'izany isika.

51 Araka ny vao avy nambarako, raha hanaporofo ny hazavanareo, ny hazavanareo no hanaporofo marina tokoa izay lafiny misy anareo. Tsy ahoako izay lafiny lazainareo fa misy anareo. Izay ataonareo, isan'andro, no manaporofo hoe inona ianareo. Nandre an'ilay ohabolana ianareo hoe, "Tena maneno mafy loatra ny fiainanareo, ka tsy afaka mandre ny fanambaranareo aho." Hitanareo? Ny—ny fihetsikareo dia maneno mafy loatra.

52 Mino ny fikiakiahana sy ny fitsambikinana foana aho. Saingy miteny foana aho hoe, "Aza mitsambikina avo loatra noho izay iainanareo, satria izao tontolo izao dia handinika an'izany." Hitanareo? Tsy maintsy mitsambikina avo arak'izay

iainanareo ianareo, noho izany, satria misy olona mandinika anareo. Ary ankehitriny rehefa . . .

53 Tsy handeha any am-piangonana ny olona. Izy ireo—izy ireo, ny maro amin'izy ireny, dia tsy hanao an'izany fotsiny. Ary ny sasany amin'izy ireny, izay tsy ho avy, dia olona tsopo. Nahita fahalovana betsaka tao amin'ilay fiangonana izy ireo, hany ka tsy te-hanao na inona na inona amin'izany izy ireo. Ary matetika, dia miresaka ny amin'ny fahambanian-tsaina an'izany isika, sarotra ho anareo ny hanome tsiny azy ireny, hitanareo, nohon'ny—ny fomba izay ataon'ny olona. Miantso ny tenany ho Kristiana izy ireo. Izy ireo no vato manafintohina lehibe indrindra izay ananan'izao tontolo izao, dia ny lehilahy sy vehivavy izay manambara ho Kristiana, nefa miaina zavatra mifanohitra amin'ny fanambarany. Tena marina.

54 Ankehitriny, fa ireo fahadisoam-panantenana dia ho tonga amin'ny Fitsarana. Ankehitriny, ilay mpanota, ilay mpanao risoriso, ilay mpiloka, ilay mpijangajanga, izy—izy dia tsy ho diso fanantenana handre ny famaizany ho vakiana hoe, "Mandehana mankany amin'ny afo mandrakizay." Tsy ho diso fanantenana izy. Fa ilay olona izay miezaka manafina ny tenany ao ambadiky ny karazana asam-piangonana, izany ilay tovolahy izay ho diso fanantenana amin'ny Andron'ny Fitsarana. Hitanareo? Izany ilay manambara fa Kristiana iray, nefa miaina amin'ny fomba hafa anankiray. Tsaratsara kokoa ho azy aza ny tsy nanaovany karazana fanambarana anankiray mihitsy, tsy nanomboka, nohon'ny nanomboka nefa miaina zavatra mifanohitra. Satria, izy no vato manafintohina lehibe indrindra izay ananantsika, dia izany mpanambara izany izay milaza fa izy—izy—izy dia Kristiana iray, nefa miaina zavatra mifanohitra.

55 Isan'andro, dia aza mitsara ny fiainanareo amin'ny alàlan'ny hoe hery lehibe toy ny ahoana no anananareo hanaovana fahagagana. Ary tsy mitsara ny tenantsika isika amin'ny alàlan'ny hoe fahalalana toy ny ahoana no anananareo ny amin'ny Teny. Fa isan'andro dia tsarao ny tenanareo, mijere any aoriana ary manaova jeritodika amin'ny hoe karazana voa inona ankehitriny no entin'ilay fiainana izay iainanareo amin'izao fotoana izao. Hitanareo?

56 Tahaka ny notoriako indray andro izay, tao amin'ny fivorian'ireo mpandraharaha tany Phoenix, Arizona, ny amin'ny fitarafana an'i Jesosy, mitaratra Fiainana Kristiana. Nolazaiko fa izaho dia teraka teto tany Kentucky, raha tena mbola fahagola izany, indrindra fony aho mbola ankizy tany. Ary io zazalahy kely io dia tsy nanana mihitsy ny—ny—ny—ny trano tahaka ny ananantsika eto, izay ananantsika an'ireo ramatoa tsara tarehy betsaka izay tsy maintsy mijery eo amin'ny fitaratra, manerana an'ilay trano, mba hihazona ny volon'izy ireo eo amin'ny toerany tsara, sy ny sisa. Fa nanana fitaratra kely anankiray izy, silany

kely anankiray fotsiny napetaka teo amin'ny hazo iray tany ivelany, izay nisy an'ilay hazo fisaka fanasan-damba, izay nanasan'ny reniny sy ny rainy lamba, ary izy ireo dia nibango ny volony, sy ny sisa, avy teo amin'io silaka fitaratra tranainy nipetaka teo amin'ny hazo io.

57 Am-pahatsorana, dia izany no karazan-trano izay nanananay. Ny olona rehetra izay mila fitaratra, izahay ankizy, dia tsy maintsy maka kesika iray izahay ary miakatra eo amin'ilay hazo fisaka fanasan-damba, ary mijery ao amin'io silaky ny—ny fitaratra izay nalaiko io, ny tenako, tao amin'ny fanariam-pako iray. Izany dia tsy tany Kentucky. Izany dia teto Indiana, teto Utika Pike.

58 Ankehitriny, io ankizy kely io dia tsy mbola nahita ny tenany tanteraka tahaka an'izany mihitsy. Noho izany, dia tonga tany an-tanàna izy, mba hamangy ny renibeny. Ary tao amin'ny . . . Teo am-pihodidinana ny efitra, ilay renibe dia nanana trano iray izay nanana fitaratra feno teo amin'ny varavarana. Ary noho izany, ilay zazalahy kely, dia nihazakazaka nankao amin'ilay—ilay efitra, ka nahita zazalahy kely hafa anankiray teo anoloany. Ary ilay zazalahy kely dia nihazakazaka, ihany koa. Noho izany dia nieritreritra izy fa tokony hijanona minitra vitsy izy ka hahita an'izay hataon'ilay zazalahy kely. Ary rehefa nijanona izy, dia nijanona ilay zazalahy kely. Rehefa nanodina ny lohany izy, dia nanodina ny lohany ilay zazalahy kely. Rehefa nihaotra ny lohany izy, dia nihaotra ny azy ilay zazalahy kely. Farany, nanakaiky izy, mba hamotopototra. Dia nitodika izy. Ary nandinika azy ny reniny, sy ny renibeny, tamim-pahagagana. Hoy izy, "Nahoana, neny, izaho io."

59 Noho izany dia nilaza aho, fa, "Isika, ihany koa, dia mitaratra zavatra anankiray." Hitanareo? Ny fiainantsika dia mitaratra.

60 Ary ankehitriny, raha niaina tamin'ny andron'i Noa isika, dia lafiny iza no ho nalaintsika? Lafiny inona no ho nalaintsika tao amin'io andro lehibe izay niainan'i Noa io? Lafiny inona no ho nalaintsika tamin'ny andron'i Mosesy? Lafiny inona tamin'ny andron'i Elia, mpaminany, rehefa izao tontolo rehetra izao no nihitsoka tao anatin'ny—ny vongana lehibe an'ny—an'ny moderinisma, tahaka an'ilay Jezebela moderina, ka nampiditra ny mpanompon'ny Tompo rehetra tao anatin'ny fomban'izao tontolo izao? Ary ilay fiangonana sy ireo mpisorona dia niankohoka taminy daholo. Ho naka an'ilay lafin'ny laza ve ianareo, sa ho nitsangana niaraka tamin'i Elia?

61 Ankehitriny, ary tamin'ny andron'ny Tompo Jesosy, rehefa hieritreritra an'io Olona tsy malaza io isika, tsy nampianarin'izao tontolo izao, tsy nisy fianarana izay mba hitan'izy ireo hoe Nandehanany, ary tsy nisy—tsy nisy traikefan'ny seminera. Ary—ary avy dia niseho niaraka tamin'ny

anarana iray hoe “fahaterahana tsy ara-dalàna.” Ary avy eo dia nivoaka, nitory Filazantsara iray izay nifanohitra tamin’ny zavatra rehetra izay nampianarina azy ireo. Tena . . . Ary nanameloka an’ireo mpitoriteny sy ireo rafi-pandaminany, sy ny sisa.

62 Ary ireo rafi-pandaminana dia nanao ny—ny—ny fanambarana hoe, “Raha misy olona izay nandeha mba handre an’io lazaina fa hoe mpaminany io, dia horoahina ao amin’ny synagoga,” izany dia—dia fahotana mahafaty iray. Tsy maintsy hanontaniana izy ireo. Ny fomba tokana izay azon’izy ireo nanompoana dia ny teo ambanin’ny ràn’ny zanak’ondry. Tsy maintsy manatona an’io fanatitra io izy ireo. Ary—ary avy eo dia noroahina izy ireo, ary zavatra lehibe toy ny inona izany.

63 Ary ninia tsy nahalala an’izany rehetra izany io Lehilahy io. Kanefa Izy dia tena araka ny Soratra tanteraka, saingy tsy tao amin’ilay fomba nahafantaran’izy ireo Azy. Lafiny inona no ho nalainareo? Hitanareo? Ankehitriny, aza . . . Ny fiainanareo izay iainanareo ankehitriny, no mitaratra mihitsy ankehitriny an’izay ho nataonareo tamin’izany, satria mbola tazonin’io fanahy iray io ihany ianareo. Hitanareo? Raha maka an’io lafiny io ianareo ankehitriny, miaraka amin’izy ireo, dia ho nanao an’izany ianareo tamin’izany. Satria, ilay fanahy iray ihany izay ao anatinareo ankehitriny no tao amin’ny olona tamin’izany. Hitanareo?

64 Tsy maka ny fanahiny mihitsy ny devoly; miala amin’ilay olona fotsiny mankany amin’ny anankiray hafa.

65 Andriamanitra dia tsy maka ny Fanahiny mihitsy, koa aza; miala avy ao amin’ny anankiray Izany mankany amin’ny hafa. Hitanareo?

66 Noho izany, ilay tena Fanahy izay teo amin’i Elia no tonga teo amin’i Elisa, mitovy amin’ilay anankiray teo amin’i Jaona Mpanao-batisa, sy ny sisa.

67 Ilay Fanahy Masina, izay teo amin’i Kristy, tonga teo amin’ireo mpianatra, midina hatrany, ary mbola eo amin’ny olona. Hitanareo? Tsy maka ny Fanahiny mihitsy Andriamanitra.

Noho izany dia navela teo isika, hanao safidy iray.

68 Ary izaho—izaho dia tsy mahita eto hoe taiza no nanenenan’i Paoly ny zavatra rehetra, ka nilaza fa nanenina izy fa lasa mpifatotra iray. Fa nilaza tamin’ny tenany izy . . . Mino aho fa i Paoly, raha nanoratra an’ity taratasy ity tamin’io penina io izy, dia ny Fanahy Masina no nanao azy hanoratra an’io. Mba, angamba, ho an’ity hariva ity aza, mba hahafahantsika hisintona tsoa-kevitra avy amin’ny lohahevitsika, mba haneho hoe nahoana i Paoly no nanao an’io. Satria, ara-tSoratra izany, ny ara-tSoratra dia Mandrakizay. Mino aho, fa, teo am-pipetrahana tao anatin’io fonja tranainy maizimaizina io,

no nanoratan'i Paoly ho an'ny mpiara-miasa aminy eto, izay, rahalahiny, fa izy dia "mpifatotr'i Jesosy Kristy." Noho izany, dia afaka nanambara an'izany izy tamin'ny fahitana an'izay nanodidina azy. Ankehitriny, dia tao am-ponja izy, saingy tsy izany no noresahiny, tamin'ity—ity mpanompon'i Kristy ity, mpitoriteny iray niaraka taminy. Niresaka izy fa izy dia mpifatotra amin'ny Tenin'i Jesosy Kristy, satria Kristy no Teny.

69 Ary i Paoly dia manam-pahaizana iray nalaza tamin'ny androny. Nanana faniriana lehibe izy. Izy dia—izy dia—dia—dia lehilahy izay nofanina, tamin'ny alàlan'ny olona, lehilahy iray amin'ny anarana hoe Gamaliela, izay mpampianatra malaza iray tamin'ny androny, anankiray amin'ireo sekoly malaza indrindra izay azony nandehanana. Ohatra, tahaka ny lazaintsika hoe, Wheaton, na Bob Jones, na sekoly malaza manara-pototra iray. Izy dia nampianarina ho—ho—ho mpitoritenin'ny Teny. Ary nampianarina tsara izy, sy mamiratra, ary tovolahy miaraka amin'ny faniriana lehibe iray hoe angamba ho lasa mpisorona iray indray andro na mpisoronabe ho an'ny olony.

70 Nanana faniriana iray izy. Ary avy eo mba hahitana, fa, io faniriana lehibe izay nanofanana azy io, sy nandaniany ny fiainany rehetra, nanomboka teo amin'ny valo na folo taona teo angamba, hatrany amin'ny telopolo na dimy amby telopolo taona, rehefa namarana ny kolejy izy ary nahazo diplaoma; ary nahazo an'ireo diplaomany rehetra sy ny zavatra rehetra, ka niray tsara tamin'ireo—ireo mpitondra fivavahana rehetra, tamin'ilay mpisoronabe tao Jerosalema mihitsy aza. Nahazo alàlana avy taminy izy, alàlana manokana, voasoratra, ary nanankina tamin'ity Saoly lehibe ity, "Handeha ho any Damaskosy sy hahita an'ireo rehetra any izay manompo an'Andriamanitra ka mifanohitra amin'izay nolazainy, ary hamatotra azy ireny ka hametraka azy ireny any am-ponja. Raha ilaina, dia nahazo alàlana izy hamono azy ireny ho faty, raha tiany izany." Izy dia . . . Nanana faniriana lehibe izy.

71 Ary ankehitriny, izay rehetra niofanany, dia nesorin'Andriamanitra taminy daholo izany. Hitanareo? Ary izay tanjony, sy izay nandanian'ny rainy ny volany, ary ireo fanirian'ny rainy sy ny reniny rehetra, dia nesorina taminy daholo satria ilay—ilay Andriamanitra dia nanana zavatra hafa. Noho izany, dia mpifatotra iray avy tamin'ny tanjony izay nananany teo amin'ny fiainana izy, ary lasa mpifatotra iray amin'i Jesosy Kristy izy, Izay ny Teny.

72 Io làlana nankany Damaskosy io no nanova an'i Paoly. Nandeha tany izy, teo amin'ny iraika ambin'ny folo ora teo, angamba, ny antoandro, ka nazera izy. Ary nandre Feo anankiray izy, nanao hoe, "Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?" Ary niandrandra izy. Ary niandrandra, amin'ny maha-Jiosy iray, ary nahafantatra fa ilay Andry Afo dia ny Tompo izay nitarika ny zanak'Isiraely, satria fantany fa izany ilay Izy.

73 Tsarovy, ity Hebreo ity dia tsy ho niantso na inona na inona mihitsy ho "Tompo," sora-baventy T-o-m-p-o, Elohima, raha tsy resy lahatra izy fa izany ilay Izy, satria mpianatra niofana izy. Ary rehefa niandrandra izy, ka nahita an'Io, Hazavana iray, Andry Afo iray izay nitarika ny olony tany an-efitra. Ary hoy izy hoe, "Tompo," Elohima, sora-baventy T-o-m-. . . "Tompo, Iza moa Ianao?"

74 Ary tsy maintsy ho fahatairana toy ny ahoana izany ho an'io teolojiana io, ny filazana hoe, "Izaho no Jesosy," ilay tena Tokana izay tena notoheriny. Toy ny—toy ny ahoana ilay fivadihan-javatra! Oh! Oh! Tsy maintsy ho zavatra mampahatahotra izany ho an'ity lehilahy ity, fa ireo faniriany rehetra izay nananany, ny nahita, tampoka teo, fa nanenjika izy. Ireo faniriany no nitondra azy ho—ho lavitra kokoa nanalavitra an'ilay zavatra lehibe izay tiany natao. Ary tsy maintsy ho—ho fahatairana lehibe toy ny inona izany, ho an'ity apostoly ity, rehefa hoy Izy hoe, "Izaho no Jesosy," ilay hany Tokana izay nenjehiny. "Nahoana ianao no manenjika Ahy?"

75 Andininy kely anankiray hafa izay azontsika atsofoka eto. Hitanareo, rehefa maneso an'ilay Fiangonana izy ireo, dia tsy tena ilay Fiangonana no esoin'izy ireo, maneso an'i Jesosy izy ireo. "Nahoana ianao no manenjika Ahy?" Ahoana no nahafahan'i Paoly tamin'izany, miaraka amin'ny fahaizany rehetra, nino fa Io no. . . fa io Vondrona izay nenjehiny io no ilay tena Andriamanitra izay lazain'izy ireo fa tompoiny? Mihevitra aho fa izany dia, tsy miditra amin'ny antsipiriany, mihevitra aho fa isika rehetra dia tena tsara hofana hahafantatra an'izay tiako ho lazaina eto. Ilay zavatra mitovy no mitranga amin'izao andro izao.

76 Paoly, tamin'ny tsy fahalalana, na dia mahay sy mamiratra aza, namiratra be lavitra noho ireo Galiliana tsy nianatra izay nenjehiny, izay efa nanaiky tao amin'ny fanetre-tenan'izy ireo an'ity Lehilahy ity ho Tompo. Fa, i Paoly, tao amin'ny fampianarany lehibe sy ny fahaizany, dia tsy afaka nanaiky an'Izany. Ary tsy maintsy ho fivadihan-javatra toy ny ahoana izany ho azy, teo amin'io làlana io. Ary tratry ny fahajambana izy, mba tsy hahafahany manohy ny irany, fa notarihina teo amin'ny toerana iray izy teo amin'ny làlambe iray nantsoina hoe Imahitsy, sy ny tranon'ny anankiray.

77 Ary avy eo dia tonga teo ilay mpaminany, amin'ny anarana hoe Ananiasy, izay nahita fahitana iray, nidina izy, nahita an'izay nisy azy, nidina teo amin'izay nisy azy, ary niditra. Ary hoy izy, "Rahalahy Saoly, ny Tompo no niseho taminao teny an-dàlana; naniraka ahy, mba hahafahako mametra-tànana aminao, ary hahazo ny fahitanao ianao ka ho feno ny Fanahy Masina."

78 Hitanareo izay nisy azy. Tsy maintsy ho—tsy maintsy ho zavatra toy ny inona izany ho an'i Paoly! Hitanareo? Izay rehetra nanofanana azy mba hataony dia nifamadika. Noho izany ankehitriny, niaraka—niaraka tamin'ireo fianarana rehetra izay nananany, izany—izany dia lasa aotra ho azy.

79 Ankehitriny, fantany fa nanana fahatsapana iray izy. Noho izany dia indro ny lesona tsara hafa anankiray ho antsika, fa, ny fahatsapana irery dia tsy ampy. Tsy maintsy fahatsapana araka ny Tenin'ny Tompo ilay izy. Noho izany, teo am-pahitana an'io izy, ary nahafantatra fa Zavatra anankiray lehibe Izany, tamin'izany fotoana izany, ka ny olona hafa dia efa nahazo an'Izany talohany, dia nila telo taona sy enim-bolana izy tany amin'ny—ny tany efitr'i Arabia; naka ny—ny Baiboly, araka ny naha-izy Azy tamin'izany, ny Testamenta Taloha, ary nandeha nidina tany, mba—mba hampitaha an'io fahatsapana izay nananany io, sy hijery raha ara-tSoratra Izany.

80 Ankehitriny ahoana moa raha nilaza izy hoe, "Eny, ataoko fa fipoahana kely fotsiny ihany izany," ary nanohy? "Hanaraka ny fahaizako aho"?

81 Ankehitriny, tsy maintsy voafonja tamin'ny zavatra anankiray izy, tranomaizina iray. Koa rehefa avy nampitaha an'izany, dia nahita, tsy mahagaga raha afaka nanoratra ny Bokin'ny Hebreo izy, ao amin'ny tandindona iray. Hitanareo? Telo taona sy tapany tany, nipetraka tao amin'ny Teny, ary nahita fa ilay tena Andriamanitra izay niantso azy no nitondra azy niverina, ary nanova ny fahaizany rehetra, nanova an'izay rehetra mba noheveriny, izay rehetra niofanany. Ny faniriany rehetra, dia nofoanany fotsiny niala taminy izany, ary lasa mpifatotra iray izy. Tena goavana loatra ilay fitiavan'Andriamanitra, ary lehibe ny—ny fanambarana, hany ka tsy afaka nanalavitra an'Izany izy.

82 Izany ilay fahatsapana marina an'ny tena mpino tsirairay izay mihaona amin'Andriamanitra. Ianareo—ianareo dia miditra amin'ny fifandraisana amin'ny Zavatra anankiray izay tena lehibe, ka ianareo . . . ka—ka ianareo dia lasa ho—ho mpifatotra iray, amin'ny zavatra hafa rehetra. Hitanareo? Ianareo—ianareo dia manalavitra ny zavatra rehetra, mba hampifatotra ny tenanareo amin'Ity.

83 Izany dia voalaza indray mandeha rehefa hoy Jesosy hoe, "Ny Fanjakan'ny Lanitra dia zavatra tahaka ny lehilahy iray izay nividy perla. Koa rehefa hitany ilay Perla lehibe, dia namidiny avokoa izay rehetra nananany, mba hahazoana an'io Anankiray io."

84 Ary izany ilay fomba eto. Ianareo—ianareo dia manana fiheverana ara-tsaina anankiray, ianareo dia manana ny—ny—ny—ny fahatsapana teolojika; saingy izany rehefa tonga eo amin'ny fotoana iray izay rehefa ianareo—ianareo—ianareo

no tena mahita tokoa an'ilay tena Zavatra, ianareo—ianareo dia hivarotra mihitsy ny zavatra hafa rehetra, ary hanidy ny tenanareo ao anatin'Izany ianareo.

85 Paoly dia nahafantatra hoe inona ilay izy. Izy—izy dia nahita fa voaisy lamboridy eo amin'ny Zavatra anankiray izy. Tahaka antsika mametraka ny—ny—ny soavaly ao amin'ny lamboridy iray, izany dia mba—izany dia mba hisintonana zavatra. Ary i Paoly dia nahafantatra, taorian'io fahatsapana io, ary telo taona sy tapany no nampitahany an'ilay—ilay fahatsapana nananany, tamin'ny Baiboly, fantany fa Andriamanitra no nifidy azy sy nanisy lamboridy azy tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, ilay fahatsapana izay nananany, mba hisintonana ny Filazantsara teo anatrehan'ny Jentilisa. Ilay Fanahy, Izy tenany, no nanisy lamboridy azy.

86 Ary, amin'izao andro izao, amin'ny maha-mpanompon'i Kristy, dia lasa voaisy lamboridy isika, miraikitra. Tsy afaka mandeha isika. Voafatotra ao anatin'Izany isika, voaisy lamboridy eo amin'ny Teny. Tsy mampaninona izay lazain'ny olon-kafa, voaisy lamboridy amin'Izany ianareo. Misy zavatra mikasika an'Izany, izay tsy hahafahanareo fotsiny hanalavitra an'Izany. Voaziogan'Izany ianareo, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, izay nanazioga anareo eo amin'ny Teny. Tsy mampaninona izay lazain'ny olon-kafa, ny Teny Izany. Izany dia manisy lamboridy foana amin'Izany, mametraka zioga amin'Izany. Ho an'ny Teny, amin'ny alàlan'ny Fanahy, dia voaisy lamboridy izy.

87 Nianatra izy tany amin'ny—ny ambadiky ny tany efitr'i Arabia tany. Rehefa, ireo zavatrany tany aloha rehetra, sy ireo fahatsapana, sy faniriana, izany, dia nendahana taminy ireo zavatra ireo.

88 Ankehitriny, izany no ahitantsika, amin'izao andro izao, fa tsy maintsy endahana isika, aloha. Fa ny olona tsy te-ho endahana. Ny rahalahy Metodista dia te-hifikitra kely eo amin'ny fampianarany Metodista. Ah-hah. Ny rahalahy Batista dia te-hifikitra kely eo amin'ny fampianarany Batista. Hitanareo? Saingy tsy maintsy tena voaendaka tanteraka amin'ny zavatra rehetra ianareo, ary ateraka indray mihitsy, vaovao. Ary miainga eo, dia mamela ny Fanahy Masina hitarika. Tsy afaka miteny ianareo hoe, "Eny, ankehitriny, ny—ny dadako no nilaza fa, rehefa niditra izy, nandeha tao ampiangonana, dia nandray tànana an'ilay pasitera izy. Izy, izy dia mambra mahatoky tsara iray." Mety ho tena tsara izany ho an'ilay taranany, fa isika dia taranaka hafa iray. Hitanareo? Ankehitriny isika dia tsy maintsy miverina amin'ny fotoan'ny Baiboly ho an'izao andro izao.

89 Ireo mpisorona dia voaisy lamboridy, ihany koa. Saingy, hitanareo, izy ireo dia niditra tao amin'ny fotoana hafa

anankiray, ary izy ireo—izy ireo dia diso tamin'ny fanendahana an'ireo lamboridiny tranainy ka nametraka lamboridy vaovao anankiray.

90 Ary ilay zavatra mitovy no hitantsika amin'izao andro izao. Nandalo tao amin'ny taonan'ny anaram-piangonana iray isika, araka ny noporofointsika tamin'ny alàlan'ireo taonan'ny fiangonana, ny Baiboly, sy ny sisa, saingy tonga eo amin'ny taom-pahafahana isika ankehitriny, izay ny Fanahy Masina Izy tenany mihitsy no midina sy manamarina ny Tenany, ary mampahafantatra ny Tenany, manao ny teny fikasana rehetra izay Nampanantenainy, hiseho. Oh, oadray! Fotoana lehibe toy ny inona!

91 Ary fantany fa, zavatra hafa anankiray, fantany fa tsy afaka nandeha tany amin'ireo toerana izy. Fa, satria voaisy lamboridy tamin'Ity izy, dia tsy afaka izy. Izany no nataony, saingy izy—izy dia tsy te-handeha. Fantany fa io faniriany io no nitarika azy teo anivon'ireo rahalahy izay nanasana azy ho tonga, kanefa dia voatery tao amin'ny Fanahy izy hanao zavatra hafa. Tsy tompon'ny tenany izy.

92 Angamba nisy olona afaka niteny hoe, "Rahalahy Saoly, Rahalahy Paoly, tianay ianao ho tonga aty, satria izahay no manana ny fiangonana lehibe indrindra. Izahay no manana ny fikambanana lehibe indrindra. Ho lehibe ireo rakitrao, sy ny sisa."

93 Saingy satria voatery tao amin'ny Fanahy, dia nieritreritra izy hoe, "Manana rahalahy anankiray aho any. Te-handeha ho any aho ary hamonjy an'io rahalahy io, hitondra azy eo amin'ny Tompo." Saingy, kanefa, ny Fanahy no nanery azy handeha any an-kafa. Mpifatotra iray izy. Marina tokoa.

94 O Andriamanitra, ataovy mpifatotra tahaka an'izany izahay, avy ao amin'ny fanirianay tia tena manokana, sy avy amin'ireo fitsaranay manokana ary ny fomba tsaran'ny fisainanay, ho lasa mpifatotra iray an'i Jesosy Kristy. Heveriko fa izany no fanambarana lehibe iray, hoe, "Izaho dia mpifatotra amin'i Jesosy Kristy."

95 Ary tsarovy, Izy no Teny. Hitanareo? Tsy mampaninona izay heverin'ny olon-kafa, ny Teny izany. Hitanareo? Raha mpifatotra eo amin'ny Teny ianareo, dia tsy misy anaram-piangonana afaka hisintona anareo hiala amin'Izany. Izany no—izany no Teny. Ianareo fotsiny dia . . . Mpifatotra iray amin'Izany ianareo, dia izay ihany. Tsy maintsy mihetsika amin'ny fomba Ihetsehany ianareo.

96 Ankehitriny, dia tsy afaka nandeha tany amin'ireo toerana hafa izay tiany izy, satria (nahoana?) ilay Fanahy no nandrara azy. Tsarovy, matetika, fa niezaka nandeha tany amin'ny toerana anankiray i Paoly, nieritreritra hoe, "Eto no hahafahako hahazo fivoriana iray lehibe," saingy ilay Fanahy

no nandrara azy. Ankehitriny, tsy milaza mazava ve izany ary manaporofo fa mpifatotra iray i Paoly? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mpifatotra iray amin'i Jesosy Kristy, voaisy lamboridy amin'ny Teniny, amin'ny alàlan'ny Fanahy! Oh! Tiako izany. Ah-hah.

97 Voafatotra izy. Voafatotra tamin'ny rojo iray izy, sy tamin'ny gadram-pitiavana, mba hanao ny sitrapon'Andriamanitra, ary izany irery ihany. Mpifatotra iray izy. Tao anatin'ny gadram-pitiavana izy. Tao anatin'ny zioga iray niaraka tamin'i Kristy izy. Tsy afaka mizioga amin'inona na inona hafa izy. Voazioga miaraka Aminy izy. Ary any amin'izay nalehan'ilay Mitarika, dia any no tsy maintsy nandehanany. Tsy nijery an'izay hoe maintso toy ny ahoana ilay ahitra, eto amin'*ity* ilany ity na *itsy* ilany itsy, tsy maintsy nandeha tany amin'ny làlana izay nalehan'ilay Mpitarika sy ilay zioga izy.

98 Oh, izao hariva izao, raha isika, amin'ny maha-Branham Tabernacle, no mba afaka fotsiny ho lasa mpifatotra; eo amin'ny tenantsika manokana tia tena, eo amin'ny faniriantsika manokana, ka afaka ny hanolotra ny tenantsika manontolo isika ary ho voazioga miaraka Aminy, tsy mampaninona izay heverin'ny sisa amin'izao tontolo izao, izay ataon'ny sisa amin'izao tontolo izao. Voazioga amin'ny gadram-pitiavana isika. Mpifatotra isika. "Ny tongotro dia tena voazioga loatra eo amin'i Kristy, tsy handihy izy. Ny masoko dia tena voazioga loatra eo amin'i Kristy, hany aho ka, rehefa mahita an'ireo mpitanjaka moderina eny an-dàlambe aho, dia Izany no manodina ny lohako. Ny—ny foko dia tena voazioga ao amin'ny fitiavana eo Aminy, hany aho ka tsy afaka manana fitiavana an'ity izao tontolo izao ity, intsony. Ny sitrapoko dia tena voazioga loatra eo Aminy, hany aho ka tsy mahafantatra intsony aza hoe inona ireo faniriako. Izao fotsiny, 'Izay Itarihanao, dia hanaraka aho, Tompo.' Ho mpifatotra iray aho." Hitanareo?

99 Mpifatotra iray tanteraka i Paoly. Tsy nanao filazana diso izy. Izy dia nofanin'ny Fanahy Masina, indray, mba hiandry ny Teny. Ankehitriny, dia efa nofanina tamin'ny fomba anankiray izy, saingy—saingy Andriamanitra dia nanofana azy tamin'ny fomba hafa anankiray ankehitriny. Izy dia nofanin'ny Fanahy Masina mba hiandry ny Tompo, tsy mampaninona izay faniriany.

100 Ankehitriny aho dia, amin'ny fanampian'ny Fanahy Masina, haneho aminareo zavatra anankiray. Hitanareo? Ankehitriny ndao isika haka ohatra iray fotsiny.

101 Indray andro, Paoly sy Silasy, nidina teny an-dàlambe tao amin'ny tanàna anankiray izay nanaovan'izy ireo fifohazana iray. Ary tovovavy kely iray, itoeran'ny demonia no nanaraka azy foana, niantsoantso azy taoriany. Ary tsy isalasalana fa i Paoly dia nahafantatra fa izy dia nanana fahefana, amin'ny

maha-apostoly iray, hiteny mafy an'io fanahy ratsy io hivoaka amin'ilay vehivavy. Saingy efa voamarikareo ve? Niandry izy, isan'andro isan'andro, mandra-pahatongan'ny, tampoka teo, nitenenan'ny Fanahy Masina taminy, nanao hoe, "Izao no ora."

102 Tamin'izay fotoana izay dia hoy izy hoe, "Ianao ry fanahy, mivoaha aminy." Hitanareo? Nahay niandry ny Tompo izy.

103 Ary eo no anomezan'ny olona amin'izao andro izao tsiny eo amin'ny Teny. Mivoaka miaraka amin'ny faniriana iray izy ireo. Fifohazana firy no navela ho simba noho ny zavatra anankiray tahaka an'izany, satria ilay evanjelista dia tsy miandry mba hahita izay ho lazain'ny Tompo! Ny sasany amin'izy ireny dia manao hoe, "Avia aty," ary izy ireo—izy ireo dia mandeha avy hatrany ankehitriny satria ilay—ilay fikambanana no nanao hoe, "Mandehana." Fa ny Fanahy Masina dia hiteny zavatra hafa. Kanefa, ny fanirian'ilay lehilahy dia ny ho lasa presbyteram-paritra, na—na zavatra hafa anankiray, na loholona iray, na eveka iray, na zavatra iray hisintona azy, "Tsy maintsy mandeha ianao." Ary, kanefa, dia mahafantatra tsaratsara kokoa izy. Ny Fanahy Masina manao hoe, "Mandehana *eto*." Hitanareo? Voazioga amin'ny rafi-pandaminany izy. Mpifatotra iray amin'ilay rafi-pandaminana izy.

104 Fa raha voazioga amin'i Kristy izy, dia ho voatariky ny Fanahy Masina izy. Izy . . . ? . . . Hitanareo? Izy, izy dia voazioga, mpifatotra iray. Aza manisy fahasamihafana amin'izay lazain'ny zavatra hafa; izany dia—izany dia ny—izany dia ny—ny varahina maneno sy kipantsona mikitrana. Mandre ny Feon'Andriamanitra fotsiny ihany izy, ary miteny fotsiny ihany izy rehefa mivoaka Izany. Tsy milaza na inona na inona izy.

105 Hoy ny olona anankiray hoe, "Oh, oh, Rahalahy Jones!" Rahalahy Roberts, na ny sasany, ireo lehilahy malaza eto amin'ny tanintsika amin'izao andro izao, tahaka an'i Tommy Hicks, na—na—na Oral Roberts, na—na Rahalahy Tommy Osborn, ny sasany amin'ireo evanjelista malaza. Raha misy olona hanao hoe, "Hono ho'aho, avia aty, ry Tommy. Ianao dia lehilahin'Andriamanitra malaza iray." (Na i Oral.) "Ary izaho—izaho dia manana ny—ny dadatoa iray izay mandry eto, izay—izay voafatotra tanteraka. Ary izy dia—izy dia marary. Tiako ho tonga ianao. Mino aho fa ianao dia manana hery hanasitrana azy." Hitanareo?

Ary angamba ny Fanahy Masina dia hiteny aminy hoe, "Tsy mbola izao."

106 Saingy, kanefa, nohon'ny fisakaizana amin'io lehilahy io, dia voatery tanteraka izy handeha hiaraka aminy. Raha tsy mandeha izy, dia lasa fahavalo iray ho an'io lehilahy io izy. Hiteny io lehilahy io hoe, "Eny, nandeha tany amin'i *ranona-sy-ranona* izy, nanasitrana an'ilay ankizy na ilay zazalahy. Fantatro fa nataony izany. Ary izaho dia efa sakaizany, nandritry ny taona maro, hitanareo, nefa tsy ho avy aty amin'ny toerako izy."

107 Saingy raha noteren'ny Fanahy Masina tsy handeha izy, dia tsaratsara kokoa ho azy ny tsy mandeha, raha voazioga amin'Andriamanitra izy. Ny sakaizany, tiany. Saingy tsaratsara kokoa ho azy ny ho voatariky ny Fanahy Masina handeha any, satria tsy hahavita soa izany, na izany aza. Mahatsapa an'izany matetika mihitsy aho.

108 Fa i Paoly dia niandry fotsiny ny Fanahy hiteny aminy an'izay hatao. "Andraso ny Fanahy," ho izy. Nitsangana izy indray alina, nitory teny. Ary nandeha nivoaka teo izy. Nahita lehilahy iray nandringa izy. Ary tampoka teo, dia niteny taminy ny Fanahy, ary hoy izy hoe, "Hitako." Ahoana? Ilay fomba mitovy tamin'ny nahitany fa ho rendrika izy ireo, teo amin'ny nosy anankiray. Hitanareo? "Hitako fa manana finoana ny ho sitrana ianao. Mitsangàna amin'ny tongotrao. Jesosy Kristy no nanao anao ho tsara." Hitanareo? Eo ianareo izao. Izy—izy dia . . . Voazioga izy. Mety nanao fifohazana herinandro iray izy tany nefa tsy nisy na inona na inona nitranga, kanefa dia niandry ny Fanahy Masina hiteny izy. Hitanareo? Voazioga amin'io antso io izy.

109 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, manameloka an'izay nolazainao tamin'ny Alahady ianao, mikasika ny hoe niandry an'izany fotoana rehetra izany ianao."

110 Ary, saingy, tsarovinareo, ny Fanahy Masina no niteny tamiko tany an-dàlana, ka nanao hoe, "Maniraka anao indray eo anivon'ireo marary sy ory Aho." Hitanareo? Fankatoavana ny Fanahy Masina izany. Tsy nandeha aho raha tsy Izy no niteny tamiko hanao an'ilay izy. Niandry ny HOY NY TOMPO HOE aho, mandra-pahazoako ny HOY NY TOMPO HOE. Ankehitriny, dia hafa izany. Hitanareo? Ankehitriny, Izany, Io no manao ny fahasamihafana. Eny.

111 Niandry ny Tenin'ny Tompo izy. Voatery tao amin'ny Fanahy izy, mba hanao ny didin'Andriamanitra irery ihany, avy eo dia lasa mpifatotra iray an'i Jesosy Kristy izy. Ry sakaiza, raha afaka fotsiny ho lasa mpifatotra isika!

112 Fantatro fa mafana ny andro. Saingy izaho—izaho dia te-hanonona toetra hafa vitsivitsy, raha sitrakareo. Manana enina aho na valo voasoratra eto. Fa izaho—izaho dia te-hanonona toetra hafa anankiray fotsiny na roa.

113 Ndao isika haka ny toetran'i Mosesy. Teraka ho mpanafaka iray izy. Ary izy—izy—izy dia nahafantatra fa, fa izy dia teraka ho mpanafaka iray.

114 Fa alohan'ny ilazako ny mikasika an'i Mosesy, dia tiako ny hanao an'izao filazana izao, hoe, Andriamanitra dia tsy maintsy maka olona iray, izay hanompo Azy marina tokoa, mba ho Mpifatony. Ny olona iray dia tsy maintsy manolotra ny faniriany rehetra izay ananany, ny zavatra rehetra maha-izy azy, ny—ny zavatra rehetra, ny fiainany, fanahiny, vatany, sitrapony, faniriany, sy ny zavatra hafa rehetra, ka lasa mpifatotra

iray, manontolo amin'i Kristy, Izay ny Teny, mba hanompo an'Andriamanitra.

115 Mety tsy maintsy handeha mifanohitra ianareo, ao amin'ny fitsaranareo tsaratsara kokoa. Angamba, ao amin'ny rafi-pandaminana iray, dia mety hihevitra ianareo fa afaka manandratra anareo izy ireo ka hanome anareo zavatra lehibe, mba hahafahanareo hamiratra. Saingy inona no hitanareo amin'ny tenanareo? Mahita ny tenanareo resy ianareo, afaka kelikely, mandra-pahatongan'Andriamanitra hahazo olona iray izay hanaiky ho mpifatotra iray Aminy.

116 Mitady mpifatotra Andriamanitra. Nanao an'izany foana Izy. Afaka mitady an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra ianareo. Ny lehilahy iray dia tsy maintsy mpifatotra iray amin'i Kristy, manohitra ny zavatra rehetra. Noho izany, dia tsy afaka mifandray amin'ny zavatra hafa afa-tsy Kristy ianareo; na dia ny rainareo aza, ny reninareo, ny rahalahinareo, ny anabavinareo, ny vadinareo lahy, ny vadinareo vavy, ny olona rehetra. Mifandray amin'i Kristy irery ihany ianareo, ary Izy irery ihany, amin'izay fotoana izay dia afaka mampiasa anareo Andriamanitra. Mandra-pahatongan'izany, dia tsy afaka ianareo.

117 Mivoaka aho, matetika miteny mafy ny olona. Hitanareo? Izaho—izaho dia miezaka ny hitarika anareo ho afaka. Tsy maintsy manana toerana hanombohana anankiray ianareo, tahaka ny fiantsoana an'ireo vehivavy manapaka ny volony sy manao an'ireny akanjo ireny, ary mihazona sy mitàna mafy ny filazany ho Kristiana. Hoy ianareo, "Zavatra kely izany." Eny, tsy maintsy manomboka any ho any ianareo. Noho izany dia manomboha avy hatrany eo, ao amin'ireo ABD-nareo. Hitanareo? Ary aoka ho afaka amin'ny toetra araka an'izao tontolo izao, na izany aza, ary aoka ho lasa mpifatotra iray amin'i Kristy. Ary amin'izay fotoana izay dia manohiza fotsiny, aoka ho afaka amin'ny zavatra rehetra, mandra-pahatongan'ny tady rehetra ho afaka amin'ny farany. Avy eo ianareo dia—ianareo dia . . . Mpifatotra iray ianareo amin'izay fotoana izay. Lasa ao anatin'ny Fihazonany ianareo. Izy, Izy no maka anareo ao anatin'ny Fihazonany.

118 Ankehitriny, i Mosesy dia nahafantatra fa teraka ho mpanafaka izy. Fantany izany. Ary efa mba voamarikareo ve, miaraka amin'ilay faniriana izay nananan'i Mosesy; nahafantatra fa ny reniny no niteny taminy tany, satria izy no mpampinono azy.

119 Tsy isalasalana, rehefa teraka i Mosesy ilay zaza kely, fa ny reniny no nanao hoe, "Fantatrao, ry Mosesy, rehefa . . . Ny dadanao, Amrama, ary izaho dia nivavaka tsy an-kitsahatra. Izahay dia nahafantatra, sy nahita tao amin'ny Teny, fa izany no fotoana hihavian'ny mpanafaka anankiray. Ary nivavaka izahay

hoe, 'Tompo Andriamanitra, te-hahita an'izany mpanafaka izany izahay.' Indray alina, dia niteny taminay ny Tompo, tao amin'ny fahitana iray, fa ho teraka ianao, ary ianao no ho ilay mpanafaka. Tsy natahotra ny didin'ny mpanjaka izahay. Tsy nahoanay izay nolazain'ny mpanjaka. Tamin'izany, dia fantatray fa ianao dia teraka ho mpanafaka. Ankehitriny, ry Mosesy, dia fantatray fa tsy afaka nitaiza anao tsara izahay."

120 Ankehitriny tsarovy, efa tany izy ireo, efajato taona tany Egypta. Hitanareo?

121 "Ary izahay—izahay dia te-hanome anao ny—ny zavatra tsara, ny fianarana tsara, ny fanofanana tsara. Noho izany, dia izaho no naka anao sy nametraka anao tao anatin'ny sambofiara kely, ary nandefa anao tao anatin'i Neily. Ary hafahafa toy ny ahoana, fa ireo alon-drano dia nitondra an'io sambofiara kely io nidina nankeo amin'ireo zozoro sy harefo, ary nitondra an'izany nidina, tany amin'ny maily lavitra, ary nanodina an'izany avy hatrany tao amin'ny lapan'i Farao, izay nisy . . . Ny zanakavavin'i Farao no tao, izay nisy ny dobo fandroany. Ary ahoana no—no nahafantarako fa nila vehivavy iray izy hitaiza anao."

122 Ary tamin'izany andro izany, mazava ho azy, dia tsy nanana an'ireny biberao ireny izy ireo mba hitaizana ny zazakely, noho izany izy dia tsy maintsy nila ny—ny mpampinono iray. Noho izany . . .

123 "Ary, i Miriama, izaho no naniraka azy tany. Ary nitsangana teo izy, ary hoy izy hoe, 'Izaho mahafantatra hoe aiza no hahitako mpampinono iray,' ary tonga dia naka ahy. Ary, ry Mosesy, nikatona avokoa ny varavarana rehetra. Ry malala, enina ambin'ny folo taona ianao ankehitriny, ary ho lasa zanakalahin'i Farao ianao. Ary indray andro any dia ho lasa mpanafaka ianao izay hitondra ny olona hivoaka avy eto."

124 Nanomboka nitombo ireo fanirian'i Mosesy. "Hianatra aho, neny. Hianatra ny zavatra rehetra izay vitako aho. Fantatrao ve izay hataoko? Hianatra aho hoe ahoana no hahalasa ho lehilahy miaramila iray, ary ho fantatro hoe ahoana no hitondrana an'ireto olona ireo hivoaka avy eto. Ho jeneraly lehibe iray aho, eveka, dia ho fantatro hoe ahoana no anaovana an'ilay izy. Ary izaho no—izaho no hamoaka azy. Ho azoko ny Ph.D na LL. Izaho no hanao an'ilay izy."

125 Tahaka an'i "Ray Chiniquy," raha efa mba namaky ny bokiny ianareo. Eny àry. Izy dia "nandeha hanafaka ny Protestanta rehetra," fantatrareo, ary lasa anankiray izy, ny tenany. Noho izany, io pretra malaza io, taona maro lasa izay, "Ray Chiniquy," tokony hanana ny bokiny ianareo ka hamaky an'izany. Izy ireo no miantso azy hoe, "ray." Izy dia Rahalahy Chiniquy fotsiny, izany izy. Isika dia tsy miantso olona mihitsy ho "ray," tahaka an'izany. Noho izany dia hitantsika fa—fa isika . . . Nandeha namaky ny Baiboly izy, mba hahafahany nivoaka teo ka handiso

ny fivavahana Protestanta ary hanao azy rehetra ho Katolika. Ary rehefa namaky ny Baiboly izy, dia tonga teo aminy ny Fanahy Masina, ary nandray ny Fanahy Masina izy, ary avy eo—avy eo izy dia lasa anankiray tamin'izy ireo.

126 Noho izany àry dia mariho ity, fa i Mosesy dia nahazo ny fanofanana rehetra. Satria, izy—izy dia nahafantatra. Tena namiratra izy, tena nianatra, tena nahay! Hany ka, tsy nisy olona . . . Afaka nampianatra an'ireo Egyptiana mihitsy aza izy. Hany ka, afaka nampianatra an'ireo mpampianatra momba ny saina izy. Afaka nampianatra an'ireo—ireo jeneraliny izy hoe inona izany hery ara-miaramila izany. Lehilahy malaza iray izy. Ary natahotra an'i Mosesy ny olona, noho ny fahalehibeazany. Oh, tena fanabeazana anankiray! Oadray! Arseveka iray izy, na angamba tahaka ny papa iray. Lehilahy malaza iray izy. Ary izy dia—dia—dia lehilahy mahery iray. Ary fantany fa izy dia teraka hanao an'izany, ary niofana, miaraka amin'ny faniriana lehibe, hanao an'izany.

127 Tahaka ny amin'izao andro izao mihitsy. Izaho tsy milaza fa ireny lehilahy, miofana ao amin'ireny sekoly ireny, izaho tsy milaza fa . . . Tahaka an'ireo izay any Andrefana ankehitriny, hanorina sekolin'ny teolojia amina dimampolo amby zato tapitrisa dolara izy ireo, hitanareo, ny Pentekotista, ny—ny sekoly iray dimampolo amby zato tapitrisa dolara. Ho ahy, tokony ho an'ireo misionera any amin'ny saha izany. Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Saingy, na inona na inona, inona no hataon'izy ireo rehefa mivoaka avy ao izy ireo? Inona izy ireo? Andiana rickies. Tena marina tokoa. Ary amin'izay fotoana izay dia tahaka an'izany no ivoahan'izy ireo. Izany foana no azony, ny sisa amin'izy ireo, ary izany ilay tsipika iray ihany. Hitanareo?

128 Ankehitriny dia hitantsika, fa, rehefa, i Mosesy, tao amin'ny fiofanany rehetra. Ary amin'izao andro izao, miaraka amin'ny fiofanana rehetra, manao eveka lehibe sy ny sisa, ilay faniriana lehibe, ambony, inona no hataontsika? Ireo faniriantsika dia lasa saiky tahaka ny an'i Mosesy mihitsy. Hitanareo?

129 Andriamanitra, talohan'ny Nahafahany nahazo an'ilay lehilahy teo an-Tànany, dia tsy maintsy Nendahany taminy ny faniriany. Tsy maintsy Nendahany taminy ireo fiofanany rehetra.

130 Nivoaka izy, ary nanafaka; namono Egyptiana anankiray izy. Ary izy, ary rehefa namono izy, dia hitany fa tao amin'ny fahadisoana izy. Tsy afaka nanao an'izany izy. Tsy izany ilay fanao. Ary tsy maintsy nitondra azy tany an-efitra Andriamanitra, tany an-tany efitra, tany hay iray.

131 Voamarikareo, toa hafahafa, hoe ahoana ireo olona ireo, hoe Andriamanitra no nanome hafatra iray ho azy ireo. Nentiny tany amin'ny tany efitra iray izy ireo.

132 Nentiny tany amin'ny tany efitra i Paoly, mba hofanina, mba hilazana aminy hoe inona ireo fahitana lehibe rehetra, tany amin'ny tany efitra. "Mivoaha mankany amin'ny tany efitra anankiray." Ary nijanona tany izy mandra-pahatongan'Andriamanitra nampahafantatra feno an'izay hatao.

133 Ary tamin'ny andron'i Mosesy, dia Nentiny nivoaka tany amin'ny tany efitra izy. Nihazona azy tany nandritry ny efapolo taona, ary nanendaka taminy ny teolojiany rehetra sy ny faniriany rehetra. Oh, fotoana toy ny inona, mba hahafahany nijery tany aoriana ka hahitany ny tsy fahombiazany. Ary ahoana fa isika, izao hariva izao, dia tokony hanao an'ilay zavatra mitovy, rehefa mahita ny faniriantsika isika.

134 Jereo ny fivoriam-panasitranana, ary jereo raha tsy efa nanao zavatra ny Tompo taona vitsy lasa izay, mba hanombohana ny famerenana ny fanasitranana ny marary, sy ny sisa.

135 Ny olona rehetra, ny rafi-pandaminana rehetra, dia satria tsy avy tamin'ny rafi-pandaminany Izany, dia tsy maintsy maka mpanasitrana iray ho azy izy ireo. Ary inona no nataontsika? Ndao jerentsika vetivety fotsiny izany. Nanao an'ilay zavatra mitovy tamin'izay nataon'i Mosesy isika. Nivoaka isika dia niezaka mafy hanamboatra karazana fahagagana iray. "Manimbolo aretina iray aho. Izaho—izaho—izaho dia manana rà eto amin'ny tànako," dia manamboatra fahagagana iray. Hitanareo? Ary inona no azontsika? Ny sasany amin'ireo lehilahy ao amin'izany fisintonana mafy izany, dia potika ka lasa mpimamo lava, marary saina, ary very ny sainy. Ary mihemotra any aoriana tanteraka izy ireo, miala avy eo amin'ilay tanjona pentekotista, miverina manao rafi-pandaminana sy ny sisa indray. Hitanareo?

136 Inona no nataontsika? Namono Egyptiana anankiray. Marina izany. Dia niezaka isika. Niofana isika. Nandoa isika. Niasa mafy isika, mandeha any amin'ireo fivoriam-bavaka alina lava iray manontolo, mandra-pahatongantsika tsy nanana feo. Ary—ary miezaka ny manamboatra zavatra, sy manafaingana zavatra, sy ireo karazan-javatra rehetra ireo, ary dia mahita an'ilay izy lasa tsy fahombiazana tanteraka. Mila fiverenana any an-tany efitra isika. Marina. Eny, tompoko. Fivoriana anaty trano lay, sy tolona. Nahoana no tsy mamoy fotsiny? Izany no tokony hataonareo, hitanareo, miverina dia mamoy. Nahoana, nanao ny zavatra mitovy amin'izay nataon'izy ireo isika, mitovy amin'izay nataon'i Mosesy. Tsy mahavita soa izany. Afaka efapolo taona, dia nahita ny tenany ho mpifatotra iray amin'ny Tenin'Andriamanitra izy. Inona no ezahantsika hatao?

137 Rehefa, nivoaka ilay Fitahiana lehibe, sy ny fanehoana an'ireo zavatra lehibe rehetra izay nolazain'Andriamanitra

tamintsika mikasika ny: ahoana fa tsy maintsy hateraka indray isika; ahoana no andraisantsika ny Fanahy Masina; ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy; sy ireto zavatra rehetra eto ireto.

138 Hitanareo, ny olona, raha tokony hijanona amin'ity Teny ity, voaisy lamboridy amin'Izany, dia inona no ataon'izy ireo? Nanomboka niaraka tamin'ny foto-kevitra ara-anaram-piangonany manokana izy ireo, izay efa tsy nahomby, ary miezaka ny manamboatra zavatra mba hitovy amin'ilay Fahamarinana.

139 Tsaratsara kokoa ho ahy ny manapaka eo avy hatrany. Hitanareo? Azoko antoka fa tena hendry ianareo mba hahafantatra izay tiako ho lazaina. Hitanareo? Fa, nahoana, jereo izay nataon'izany. Eritrereto izany.

140 Inona no azontsika, izao hariva izao, afa-tsy ny—ny—ny firenena iray feno olona voarafitra izay mandà ny Soratr'Andriamanitra; izay hiantso ny—ny—ny Fiainan'ny Fanahy Masina, hoe, "Izany dia ny—ny fifampikasohana ara-tsaina," izay handà ny zavatra toy izany tsy hiditra ao amin'ny fiangonany. Ary izy ireo dia tsy hamela anareo hilaza Teny anankiray ny amin'ny taranaky ny menarana, ny fiarovana Mandrakizay, ary ireo zavatra izay nambaran'ny Fanahy Masina sy voaporofo ho ny Teny. Izaho dia nanao fihaikana sy fihaikana, mba ho avy sy hanaporofo amiko an'izany fa diso.

141 Inona no azon'izy ireo? Ilay zavatra mitovy amin'izay azon'i Lotera, ny sisa amin'izy ireo, hitanareo, namono Egyptiana. Inona no tsy maintsy . . . Inona izany? Angamba izy nanao lehilahy iray hanomboka . . . hijanona tsy hangalatra, na angamba hiaina mahatoky miaraka amin'ny vadiny. Fa inona no nanaovanareo azy avy amin'izany? Mambram-piangonana iray. "Avia ary mikambàna amin'ny vondronay." Hitanareo?

142 Io lehilahy maty maimbo io fotsiny ihany no azony notondroina tamin'ny rantsan-tànany, ho fahombiazany, tamin'ireo fiofanana efapolo taona; Egyptiana iray maimbo nandry teo, lò sady maty.

143 Saiky izany ilay fomba amin'izao hariva izao. Ny zavatra tokana izay azontsika tondroina, ho an'io fifohazana izay miampita io (heverina ho), dia andiana mambram-piangonana maimbo iray izay tsy mahafantatra betsaka an'Andriamanitra nohon'ny hahafantaran'ny Hottentot iray mikasika ny alina Egyptiana. Marina. Fa, raha hiteny amin'izy ireo mikasika ny Tenin'Andriamanitra, dia hoy izy ireo hoe, "Tsy mino an'Izany aho." Hoy izy, "Tsy ahoako izay lazain'izy ireo. Tsy mino an'Izany aho." Hitanareo? Hitanareo? Izany no zavatra ratsy izay tokony ho tondroina indray, ho an'ireo fisintonana sy tolona rehetra ary ny zavatra rehetra izay ananantsika.

144 Angamba afaka manondro sekoly lehibe anankiray isika, saingy maty izany. Afaka manondro rafi-pandaminana iray isika, saingy maty izany. Maimbo izany. Izany dia mitovy mihitsy amin'ilay zavatra voalohany izay nivoahantsika. "Tahaka ny kisoa mankany amin'ny fotakany, sy ny alika mankany amin'ny naloany," rehefa miverina isika. Egyptiana maty anankiray.

145 Tsy isalasalana fa nisy olona iray nanao hoe, "Ry Mosesy, eny, tsy manana fihetseham-po ho an'ny olona intsony angaha ianao? Ho an'izany no niantsoana anao." Olona iray izay nahafantatra an'i Mosesy, nahafantatra fa ho an'izany no niantsoana azy. "Ary tsy . . . Verinao ve ny fihetseham-pon'ny olona?"

"Tsia, tompoko."

146 "Eny, nahoana ianao no tsy mivoaka, eto, manao an'*ity*? Ary nahoana ianao no tsy mivoaka eto, manandrana an'*ity*? Ary nahoana ianao no tsy manohy miaraka amin'ny sisa amin'izy ireo?"

147 Teo i Mosesy nanomboka voaendaka, mandra-pahazoany fahatsapana iray tao amin'ny roimemy nirehitra, izay nanambara ny Teny. "IZAHO IZAY IZY dia Andriamanitr'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba. Ary Tsaroako ireo Fampanantenako. Ary midina Aho hanafaka azy ireo. Maniraka anao Aho hanao an'izany." Izay ilay izy.

148 Nahita ny Teny izy, fa tsy ilay fanirian'ny olona na ireo irian'ny olona. Avy eo dia lasa inona izy? Tsy te-hanatrika an'ireo Egyptiana intsony izy. Tsy te-hanatrika an'io zavatra io intsony izy. Fa lasa mpifatotra iray izy. Amena. Efapolo taona nandosirana, nanendahana, saingy avy eo dia lasa mpifatotra iray izy, tao amin'ilay roimemy nirehitra, ilay Mosesy mahery niaraka tamin'ny fahaizany rehetra. Ny Baiboly dia milaza fa i Mosesy dia lehilahy mahery iray na tamin'ny teny na tamin'ny asa, tany Egypta.

149 Saingy diniho izay nataon'ilay teolojiana mahery teo amin'ny Fanatrehan'ilay roimemy nirehitra. Niaiky fotsiny ny tsy fahaiza-manaony izy. Rehefa hitany ilay tanjon'Andriamanitra tena izy, dia niaiky izy fa izy dia tsy mahay manao an'izany. Kanefa, izy dia voaofana tao amin'ny teolojia rehetra izay azon'izy ireo nomena azy, voaofana tao amin'ny sekolin'izy ireo tsara indrindra. Saingy, kanefa, inona no azony natao rehefa izy . . . ilay Andry Afo no nihantona teo amin'ilay roimemy? Hoy izy, "Tsy mahavita miresaka Aminy akory aza aho. Tompo, iza moa aho, ka izaho no tsy maintsy handeha?" Hitanareo?

150 "Esory ny kapanao, ry Mosesy. Te-hiresaka aminao Aho. Endaho ny tenanao, na dia ny kapanao aza. Ianao dia—ianao dia mifotetaha amin'ny tany indray. Te-hiresaka aminao Aho."

151 Tsy afaka niresaka akory aza izy. Farany, mpifatotra voafidy iray, mpaminany voafidy iray, tena tahaka an'i Paoly izay voafidy mihitsy. Voafidy i Mosesy, mpanafaka. Ary avy eo,

farany, dia nahazo ny Olony voafidy ho mpifatotra iray Aminy Andriamanitra. Oh, haleloia! Nihetsika fotsiny izy arak'izay nanetsehan'ny Tenin'Andriamanitra azy. "Iza no ho lazaiko fa naniraka ahy?"

"IZAHO IZAY IZY."

"Ahoana no hataoko?"

"Homba anao Aho."

152 "Eny, Tompo, arak'izay Lazainao mihitsy. Inty aho." Oh, oadray! Izay, mpifatotra iray izy.

153 Nandeha nanohitra ny fisainany tsaratsara kokoa izy. Ankehitriny, efa nofanina hibaiko tafika iray izy. "Sabatra, ambony! Todika ivoho!" Nofanina hampandeha, "Kalesy, milahara daholo! Lefona, mandrosoa! Asio!" Toy izany no nitondrany an'ilay izy. Izany no fiofanany.

Saingy hoy izy hoe, "Inona no hampiasaiko?"

Hoy Izy, "Inona no eny an-tànanao?"

154 "Tehina iray." Manao zavatra tena mahatsikaiky Andriamanitra indraindray, ho an'ny fisainan'olombelona. Hitanareo? Nanana tehina iray teny an-tànany izy. Ny volombava mihantona. Valopolo taona. Ny vadiny eo ambonin'ny ramole iray; ny zaza mipetraka eo am-balahany. Sandry kely, antitra malazo mihantona; tehina iray. Nitraka mihitsy ny lohany, satria izy nanana ny HOY NY TOMPO HOE. Nahoana? Nifantsika tsara izy tamin'ny farany.

155 Mpifatotra iray izy. "Hihetsika fotsiny aho rehefa manetsika ahy ny Teny. Hiteny fotsiny aho rehefa miteny ny Teny."

"Handeha ho aiza ianao?"

156 "Manana iraka anankiray aho hoe: hijoro eo anatrehan'i Farao sy haneho aminy, amin'ny alàlan'ity tehina ity, fa Andriamanitra no naniraka ahy." Amena.

"Inona no hataonao aorian'izany?"

"Izy no hanomana ny zavatra manaraka, rehefa vitako izany."

157 Eo ianareo izao. Zavatra anankiray fotsiny ihany no hataonareo, ny dingana voalohany, izao hariva izao dia: mitolobatana, lasa mpifatotra iray. Aza mieritreritra ny tenanareo na zavatra hafa. Aoka ho lasa mpifatotra iray.

158 Lasa mpifatotra iray i Mosesy, niaiky fa tsy afaka niresaka akory aza izy. Farany, rehefa azon'Andriamanitra teo an-Tànany izy, dia teo no nahafahany nihetsika fotsiny tany amin'izay nanetsehan'Andriamanitra azy. Teo, no Nitenenany taminy ny Teny. Fantany fa ny Teny izany, noho izany dia nanolotra ny tenany ho an'ny Teny izy. Ary ny Fanahy Masina teo, Andriamanitra, dia nanisy lamboridy an'i Mosesy teo amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

159 Izany no zavatra mitovy tamin'ny Nataony tamin'i Paoly. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nanisy lamboridy an'i Paoly Izy; Jiosy kely, mifaingoka orona, masiaka, oh, miaraka amin'ny Ph.D. sy LL.D.-ny nanoratra ny aminy rehetra. Saingy hoy Izy hoe, "Hasehoko aminy izay hiaretany noho ny amin'ny Teny." Hitanareo? Ary izy . . .

160 Ary tamin'izay fotoana izay dia nipetraka teo i Paoly ka nahita ny Teny, ary nahita fa Jesosy izany, avy eo dia natsangany ny tànany ary lasa voaisy lamboridy Taminy izy. Ny fitiavan'Andriamanitra no nanisy lamboridy azy tamin'ny Teny. "Hitondra ny Anarako eo anatrehan'ny Jentilisa izy." Indro izy fa lasa.

161 "Ry Mosesy, IZAHO IZAY IZY no Andriamanitry ny razanao. IZAHO IZAY IZY no Andriamanitr'i Abrahama, Isaka, ary an'i Jakoba. Tsaroako fa nampanantena azy ireo Aho, ary efa akaiky ilay fotoan'ny fampanantenana. Ary Hitako ny fahorian'ny Oloko. Tsaroako ny Fampanantenako. Ary nidina Aho mba hanisy lamboridy anao. Fantatrao izay nolazain'ny Teny. Izaho no nanisy lamboridy anao handeha any, nanisy lamboridy anao miaraka amin'ny hery, mba hidina any sy hanafaka ny Oloko. Ary ento eny an-tànanao io tehina io, ho vavolombelona iray, satria efa nahita fahagagana iray natao tamin'ny alàlan'izany ianao." Tahaka an'i Davida mihitsy, niaraka tamin'ilay antsamotady. Hitanareo?

162 Nanisy lamboridy, ny tenany, ary nandeha izy. Farany, dia nanana lehilahy iray izay niankina Taminy Andriamanitra, voaisy lamboridy Aminy, ary tsy afaka nihetsika raha tsy ny Tenin'Andriamanitra no nanetsika azy. Raha mba hanao an'izany fotsiny mantsy ny olona, amin'izao andro izao! Tamin'izay fotoana izay, dia Mpifatony izy, mpifatotra iray an'ny fitiavana, voazioga tao amin'ny fatoram-pitiavana, niaraka—niaraka tamin'Andriamanitra, tahaka an'i Paoly izay voazioga tao amin'ny fatoram-pitiavan'Andriamanitra.

163 Tahaka an'i Paoly mihitsy, izy roa ireo dia voaofana tamin'ny fomba mitovy. Mosesy dia niofana, fantatrareo, mba hanafaka ny zanak'Isiraely tamin'ny alàlan'ny hery ara-miaramila. Paoly dia niofana mba hanala azy ireo avy amin'ny tànan'ny Romana ka hanafaka azy ireo, tamin'ny alàlan'ny heriny ara-pivavahana teto amin'izao tontolo izao tamin'izany andro izany. Sekolim-piofanana lehibe, tonga teo ambanin'i Gamaliela.

164 Ary izy roa ireo dia samy nandeha tany an-tany efitra; niverina ho olona hafa. Izy roa ireo dia samy nahita ny Andry Afo. Ary izy roa ireo dia samy mpaminany. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izy roa ireo, samy mpaminany. Ary izy roa ireo dia samy niresahan'ilay Andry Afo, tena marina, tonga ho an'ny fanafahana iray. Teo izy ireo; nandeha tany an-tany efitra iray. Nandao ny fianakaviany ary

nandeha tany an-tany efitra, mba hahita. Nandao ny olony sy ny sisa, mba hahita ny sitrapon'Andriamanitra. Hitanareo?

165 Nofanina tamin'ny fomba anankiray izy ireo; Andriamanitra no nanova azy ireo ho hafa. Ary tsy maintsy lasa mpifatotra iray tanteraka izy ireo, tsy hihetsika amin'izay fomba tian'izy ireo hihetsehana, fa mihetsika amin'ny fomba izay tian'Andriamanitra hihetsehan'izy ireo. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

166 Mbola manana folo minitra hafa ve isika eto, hahavitana an'ireto? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Amena."—Mpand.]

167 Haka toetra anankiray hafa tena haingana aho. Mahita anankiray aho eto anoloako ankehitriny. Ny anarany dia i Josefa. Zanaka iray voafidy izy. Tena tandindon'i Jesosy Kristy tanteraka izy. Teraka ho mpaminany izy. Izy dia mpaminany iray, ihany koa. Hitanareo? Ary afaka nahita fahitana izy ankehitriny. Ary raha mbola tovolahy kely mihitsy aza izy, dia efa nahita fahitana iray ny amin'ny tenany nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana iray, sy ireo rahalahiny niankohoka teo aminy. Hitanareo? Saingy diniho. Izy dia lasa . . . Izy dia nahatsapa fa tovolahy malaza iray izy. Hitanareo? Izy rehetra ireo . . .

168 Fa inona no tsy maintsy nataon'Andriamanitra? Nanao an'ilay zavatra mitovy tamin'ny Nataony tamin'ny sisa tamin'izy ireo Izy. Satria, i Mosesy dia mpanafaka iray, i Paoly dia mpanafaka iray, ary ankehitriny i Josefa dia mpanafaka iray. Namonjy ny olony avy tamin'ny mosary izy.

169 Inona no tsy maintsy nataon'Andriamanitra taminy? Nametraka azy tao am-ponja, nametraka azy avy hatrany tao am-ponja. Eny, tompoko. Tsarovy, namidin'ireo rahalahiny izy, tamin'ny Egyptiana anankiray. Ary namidin'izy ireo tamin'ny Potifara izy. Ary Potifara dia nanome azy fahalalahana kely, ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nesorina taminy izany. Ary nipetraka tao am-ponja tao izy, nitomany, nitomany. Tsy maintsy nanendaka an'izany Andriamanitra.

170 Ankehitriny mariho. Fa, tamin'ny fotoana rehetra, mino aho, izy, tao amin'io fonja io, dia afaka nahatsiaro izy fa ilay fahitana no niteny taminy fa hipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana iray izy, ary ireo rahalahiny dia hiankohoka eo aminy, satria fantany fa ilay fanomezam-pahasoavany dia avy tamin'Andriamanitra. Ary fantany fa tsy maintsy hiseho izany.

171 Raha mba afaka mihazona an'izany ao an-tsaintsika fotsiny mantsy isika, ary araka ny Tenin'Andriamanitra, fa amin'ny andro farany dia hanana Fiangonana anankiray Izy, hanana vahoaka anankiray Izy. Ary ireo zavatra izay Nampanantenainy, dia Hataony ireny. Izy no nilaza fa Hataony, ary miaina ao amin'ilay fotoana isika. Ao isika. Miezaka fotsiny hanao antsika ho tena mpifatotra Izy ankehitriny, mihidy ao miaraka Aminy.

172 Efa renareo ve ilay hira tranainy izay hirainareo hoe, “Ary dia voahidy ao miaraka amin’Andriamanitra aho”? Te-ho voahidy ao miaraka amin’Andriamanitra aho. Ankehitriny, teo no nieritreretako an’izany. Voahidy ao miaraka amin’Andriamanitra, tsy misy zavatra hafa, ary mihetsika fotsiny ianareo rehefa Andriamanitra no miteny hoe mihetseha. Manao fotsiny arak’izay lazain’Andriamanitra fa hatao ianareo, hitanareo, amin’izay fotoana izay dia voahidy miaraka amin’Andriamanitra ianareo.

173 Ankehitriny tsarovy, nieritreritra izy. Izy koa dia lasa tsy fahombiazana tanteraka iray, tamin’ny tenany. Izay rehetra fantany, izay rehetra azony, sy ny sisa, dia lasa tsy fahombiazana iray tanteraka izy. Tsy nety ilay izy. Napetraka teo ambanin’ny toerana iray izy izay tsy nisy olona hihaino azy. Mpifatotra iray izy. Hitanareo? Napetraka teo amin’ny toerana iray izy, izay tsy hinoan’ny tsy mpino. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Tsy nisy fiantraikany ny asam-panompoany. Nanodina ny lohany ny olona. Tsy noraharahian’izy ireo izy tao am-ponja. Inona no soa ho vitan’ilay asam-panompoany? Mety nitsangana teo amin’ireo fefin’ny fonja izy ary nitory teny tamin’izy ireo; nanohy nandeha teny an-dàlana izy ireo. Hitanareo? Saingy lasa mpifatotra iray izy. Ary Andriamanitra no nihazona azy, ho mpifatotra iray, mandra-pahatongan’ilay kodia hihodina tsara. Hoy Izy, “Inty no Lehilahiko.” Voninahitra! Tsy fahombiazana tanteraka!

174 Farany, dia tonga teo aminy tao am-ponja Andriamanitra. Tahaka an’i Paoly, tahaka ny sisa rehetra tamin’izy ireo, tonga teo aminy Izy. Ary Izy no nampiasa an’ilay fanomezam-pahasoavana izay Nomeny azy, mba hamoaka azy avy tao. Marina izany. Izy no nitondra azy avy tao amin’ny fonjany. Inona no nataony? Vantany vao Nentiny avy tao amin’ny fonjany izy, dia nomen’ilay mpanjaka fahefana izy, ny mpanjakany, izay nipetrahany teo ankilany, izay izy no teo ambaniny. Nentina avy tao amin’ilay tranon’ny fonja izy ary nomena fahefana; hany ka, na inona na inona nolazainy, dia tsy maintsy nitranga. Amena.

175 Tao amin’ny fonjany, dia nahatsiaro tsy an-kitsahatra izy, fa teraka ho an’ny tanjona iray izy. Hipetraka eo akaikin’ny mpanjaka iray izy. Ny sisa rehetra tamin’izy ireo dia tsy maintsy handohalika aminy. Ny fahitany no niteny taminy an’izany. Amena. Fa talohan’ny tena nahatanteraka ny fahitany, dia lasa mpifatotra iray izy. Amena. Ary avy eo dia lasa mpanapaka iray izy. Ary rehefa avy tao amin’ny tranon’ny fonjany izy, ka lasa mpifatotra iray an’ny Tenin’Andriamanitra, ka afaka niteny fotsiny an’izay napetrak’Andriamanitra teo am-bavany mba ho lazaina, tamin’izay fotoana izay Andriamanitra no nihetsika tamin’ny alàlany.

176 Mariho, fa i Mosesy dia nanana fahefana hamatotra an’ireo andrianan’i Farao, tamin’ny sitrapony manokana. “Raha hiteny

amin'io tendrombohitra io ianareo hoe, 'Mifindrà.'" Nanana fahefana hamatotra an'ireo andrianan'i Farao izy. Na diakona izy ireo, na presbytera, na solontenam-panjakana izy ireo na inona na inona izy ireo. Hoy izy hoe, "Ho fatorako ianareo," dia voafatotra izy ireo. Izay ilay izy. Afaka nanao an'izany tamin'ny teniny manokana izy, tamin'ny sitrapony manokana. Amena. Voninahitra ho an'Andriamanitra!

Oh, mbola manana telo minitra fotsiny aho sisa, noho izany dia hihazona ny teniko aho.

177 Ankehitriny dia hitantsika, fa izy—izy dia lasa mpifatotra iray tamin'Andriamanitra, avy tamin'ny mpifatotra iray tamin'izao tontolo izao. Avy tamin'ny . . . Paoly, mitovy ihany. Ary i Mosesy, mitovy ihany, avy tamin'ny mpifatotra iray tamin'ny fiheverany manokana, ho mpifatotra iray tamin'Andriamanitra. Ary rehefa nivoaka izy, dia nanana ny herin'Andriamanitra izy. Ary rehefa lasa Paoly izy . . . Rehefa ilay fiheverana tranainy, an'i Mosesy, natolony izany ary nendahany izany, lasa mpifatotra iray tamin'ny Tenin'i Kristy izy. Afaka mihetsika fotsiny ve ianareo na aiza na aiza . . .

"Hoy ve ianareo hoe, 'Kristy'?"

178 "Nitondra ny latsan'i Kristy ho harena be lavitra noho ny tany Egypta izy." Noho izany dia mpifatotra iray tamin'i Kristy izy, tahaka an'i Paoly mihitsy.

179 Tsarovy, izy telo rehetra ireo dia mpaminany. Hitanareo? Ary tsy maintsy nendahana tamin'ny fiheverany manokana izy ireo, mba ho lasa mifatotra iray tamin'ny sitrapo sy ny làlan'Andriamanitra.

180 Koa tsaroantsika, ankehitriny, fa nanana fahefana hamatotra izy, tamin'ny teniny manokana. Nanana fahefana handefa izy, tamin'ny teniny manokana. Afaka nilaza izy hoe, "Handefa anareo aho, amin'ny anaran'ny mpanjakako." Amena. Farao dia nanao an'i Josefa ho zanany.

181 Kristy dia manao ny Azy, ho mpifatotry ny fitiavana, an'ireo Zanany. Ary Izy no manome fahefana azy ireo, ilay zavatra mitovy tamin'izay Nananany. Masindahy Jaona 14:12, "Izay mino Ahy, hitanareo, ireo asa izay Ataoko no hataony koa. Hanao mihoatra lavitra noho izany aza izy." Ankehitriny ilay mpifatotry ny fitiavana an'i Kristy dia lasa nofenoin'ilay Mpanjakany hery, Izay Kristy. Amena. "Ary Lazaiko aminareo marina tokoa, raha miteny amin'io tendrombohitra io ianareo hoe, 'Mifindrà,' ka tsy misalasala ao am-ponareo, fa mino fa izay nolazainareo dia hiseho, dia ho azonareo izay nolazainareo. Raha mitoetra Amiko ianareo, ary ny Teniko no ao anatinareo; raha voazioga Amiko ianareo," satria Izy sy ny Teniny dia iray ihany. "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra. Ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika. Tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay! Raha

mitoetra Amiko ianareo," tsy hoe amin'ny *eto* na *etsy*. "Mitoetra Amiko, ary ny Teniko no ao anatinareo; dia angataho izay tianareo, na teneno izay tianareo, fa hatao ho anareo izany." Nanana fahefana izy.

182 Mariho, talohan'ny nivoahany, dia tsy maintsy nentina izy ary naratana. Zavatra vitsivitsy no tsy maintsy naratana talohan'ny nihaonany tamin'ny mpanjakany. Hitanareo?

183 Oh, Andriamanitra dia maka ny Olony tahaka an'izany indraindray, ary manaratra an'ireo sitrapony manokana, maneho amin'izy ireo fa tsy afaka manao fotsiny an'izay tiany hatao izy ireo. Fantatrareo izay tiako ho lazaina. Izy ireo dia tsy—izy ireo dia tsy tao amin'ny fahalalahana hanao izay tiany hatao. Talohan'ny nahafahan'izy ireo ho tonga tao amin'ny fahefana feno sy ho lasa andevom-pitiavana an'i Kristy, dia tsy maintsy voaharatra izy ireo ary avy eo vao natolotra. Indraindray dia mitondra azy ireny any amin'ny tany efitra Izy, hanaovana an'izany, hanaratana azy ireny. Ary avy eo dia mitondra azy ireny mivoaka, ilay voahosotra, mba hanatanteraka ny tanjona izay Nandidiany azy ireny haha-izy azy. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina?

Ry rahalahy, eo amin'ny fotoana farany isika izao.

184 Tsarovy, tamin'ny fotoana hafa rehetra, izay Nataony. Tsy maintsy naka olona iray izy ary nanao azy ho mpifatotra iray Aminy, hahafoy ny azy manokana. Tsy maintsy namoy ny zavatra rehetra izay fantany izy, nanadino ny fiofanany rehetra, ny zavatra rehetra, mba hahafantarana ny sitrapon'Andriamanitra, sy hanarahana an'Andriamanitra.

185 Tsy afaka manaraka na inona na inona izay tsy maintsy ataon'ilay olona izy, sy Andriamanitra, amin'ny fotoana iray. Mifanohitra izany, ny iray amin'ny anankiray hafa. Tsy afaka mandeha any atsinanana sy andrefana amin'ny fotoana iray ianareo. Tsy afaka ny ho havanana sy havia amin'ny fotoana iray ianareo. Tsy afaka ny ho marina sy diso amin'ny fotoana iray ianareo. Tsy afaka manaraka olona sy Andriamanitra amin'ny fotoana iray ianareo. Tsia, tompoko. Na ianareo manaraka an'Andriamanitra na manaraka olona.

186 Ankehitriny, noho izany, raha manaraka an'Andriamanitra ianareo ka manolotra ny tenanareo ho an'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay ianareo dia lasa mpifatotra iray amin'izany Andriamanitra izany, amin'izany Teny izany, amin'izany sitrapo izany. Tsy mampaninona izay lazain'ny zavatra hafa, lasa ny—ny mpifatotra iray amin'Izany ianareo.

187 Henoy. Eo amin'ny fotoana farany isika izao. Ary hiteny an'izao amin'ny fanajana sy fankatoavana aho, raha mihalany ireo minitra vitsy farany. Jereo. Fa Andriamanitra, araka ny hevitro, dia hanao ary tsy maintsy manao, ary hanao ao amin'izao andro farany izao, dia ny hahita fitaovana iray ho

an'ilay vokatra. Tsy maintsy mahita fitaovana iray Izy, mba hivelesana an'ilay tany. Ny mpamboly rehetra, rehefa mandeha mankany amin'ny vokany izy, dia tsy maintsy manana fitaovana iray izy hanaovana an'izany; izany tokoa, tsy maintsy manana antsim-bary maranitra iray izy na zavatra iray, fitaovana iray, mba hivelesana an'ilay voa. Ary masaka ilay vokatra.

188 Andriamanitra, raiso eo an-Tànanao izahay. Ataovy mpanompo andevon'ny Fitiavanao izahay. Ampiasao ho fitaovana izahay, mba hitondra ny fampahafantarana an'ity tany feno ota, voaozona izay iainanay amin'izao andro izao ity, fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

189 Ho an'ny tenako manokana, Andriamanitra, dia avelao aho ho mpifatotra iray. Raha mihodina amiko ireo rahalahiko rehetra, raha mihodina amiko ireo sakaizako rehetra, dia te-ho mpifatotra iray an'i Jesosy Kristy sy ny Teniny aho, mba hahafahako ho voaisy lamboridy eo amin'ny Teniny, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, mba hahita ny Fanahy Masina manao ny Tenin'Andriamanitra ho voamarina amin'ny alàlan'ireo zavatra mitovy amin'izay Nolazainy fa ho vita. Te-ho mpifatotra iray an'i Jesosy Kristy aho.

Ndao isika hivavaka.

190 Manontany tena aho, izao hariva izao, miaraka amin'ny lohantsika miondrika, raha io faniriana izay ananantsika io, ho lasa zavatra hafa anankiray, na angamba zavatra anankiray izay mety noeritreretintsika, ho zavatra iray tia tena, manontany tena aho raha mba afaka fotsiny isika hanaisotra an'izany.

191 Manontany tena aho raha misy tovolahy anankiray eto, izao hariva izao, mijery manodidina, hanao hoe, "Izaho dia ho lasa, rehefa lehibe aho, izaho dia ho lasa zavatra *izao-sy-izao*." Manontany tena aho raha mba afaka mahatsapa ny sitrapon'Andriamanitra mihetsika ao amin'ny fiainanareo ianareo, ka hanao hoe, "Tsia, tsia. Ah-hah. Izaho—izaho . . . Ireo faniriako dia very ankehitriny. Nandritry ny andro vitsy, dia efa niresaka tamiko ny Fanahy Masina. Izaho—izaho—izaho—izaho dia te-hanolotra ny tenako ho an'Andriamanitra, ho fitaovam-pivelesana iray ho an'izao andro farany izao."

192 Tovovavy iray izay mety manana faniriana ny ho toetran-dramatoa iray, na—na angamba ho ramatoakely tsara tarehy iray, na angamba indray andro any hanao an'i Hollywood ho asa fivelomana, izaho—izaho dia manontany tena raha tsy hanaiky ianareo ankehitriny ny hanolotra ny fanirianareo eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra sy ny Teniny, handre ny antson'Andriamanitra eo amin'ny fiainanareo manokana. Andriamanitra no mahafantatra hoe iza ianareo.

193 Manontany tena aho raha mety hisy mpitoriteny iray akaiky, na mpanompo iray, mpiasa ao amin'ny fiangonana iray any ho any. Miditra eto aho, matetika ihany. Izaho—izaho tsy

mahafantatra ny iray am-pahatelon'ny olona mipetraka eto, izao hariva izao, saingy izaho . . . ity eran'ny tànana izay eto ity. Manontany tena aho raha hisy olona iray, ka hanaiky ianareo ny hiteny hoe, "Tsy ahoako izay lazain'ny olona. Andevon'Andriamanitra aho ankehitriny. Izaho—izaho—izaho dia hitory ny Teniny, tsy mijery an'izany. Tsy ahoako izay, raha ny—ny rafi-pandaminako no mihodina amiko, dia mbola hijanona hiaraka amin'ity Teny ity aho. Izaho—izaho dia hanao an'izany. Ny sitrapoko dia izay sitrapon'Andriamanitra. Ny sitrapon'Andriamanitra no sitrapoko. Ho mpifatotra iray amin'i Jesosy Kristy aho. Noho ny Fahasoavany sy ny fanampiany, dia hataoko izany."

194 Eritrereto izany, raha manondrika ny lohantsika isika. Firy no manana an'izany faniriana izany, izao hariva izao? Hanangana ny tànanareo ve ianareo. Izany dia ny ahy, ihany koa. Afoiko ny rehetra. Miaraka amin'ny lohantsika miondrika ankehitriny, moramora ankehitriny, raha mieritreritra ny amin'izany ianareo ankehitriny, raha mivavaka ianareo.

Afoiko ny rehetra,
Afoiko ny rehetra,
Ho Anao manontolo, ry Mpamonjiko finaritra,
Afoiko ny rehetra.

Afoi- . . .

195 Tena manao an'izany tokoa ve ianareo? "Te-ho mpifatotra iray aho. Izaho . . . Raiso aho, Tompo. Ento ao an-tranon'ilay Mpanefy aho, izao hariva izao. Poteho tanteraka aho, ary lasiro indray aho, eto."

Ho Anao, ry Mpamonjiko finaritra,
Afoiko ny rehetra.

196 Ray An-danitra, raha mitohy mandeha ny hira, dia nieritreritra aho fa tena fanararaotra mihitsy amin'izao fotoana izao, fa izaho—izaho dia nanapaka an'ilay hira ka hiresaka Aminao vetivety fotsiny. Raha mbola eo am-pieritreretana ny olona hoe, "Afoiko ny rehetra," Ray, enga anie izahay hanao an'izao, ho toy ny hoe izao no fanararaotranay farany hanaovana an'ilay izy. Avelao izahay hanatona amin'ny fahatsoram-po, ho tonga eo amin'ilay latabatry ny Tompo, araka ny maha-izy azy, miaraka amin'ny akanjo voasasa, fanahy voasasa, sitrapo voasasa, faniriana voasasa, mba hahafoy ny tenanay.

197 Ary aoka Andriamanitra haka ny Teniny, hanazioga anay miaraka amin'Izany, ny Tenin'Andriamanitra. Ary enga anie ny Fanahy Masina handray anay ankehitriny, raha mandre ny fipipikan'ilay zioga manerana ny fonay izahay hoe, "Manomboka izao hariva izao, dia raisiko amin'ny teninao ianao. Ankehitriny dia aza mieritreritra ny fisainanao manokana intsony. Eritrereto ny Fisainako. Eritrereto ny Sitrapoko. Izaho

no hitarika anao." Andriamanitra, ekeo mba ho fahatsapana iray ho an'ny tsirairay aminay izany.

198 Ireto olona tanora mipetraka eto ireto; ny vady lahy sy ny vady vavy; ary ny sasany ho lasa vady lahy sy vady vavy. Misy olona efa nahazo taona mipetraka eto, izay mpitoriteny, izay efa eo an-dàlana. Ary, Tompo, eto Rahalahy Neville, izaho, efa eo am-piakarana an'ilay tohatra. Efa isaina ankehitriny ny andronay. Ny famindranay dia natao am-pitandremana tsara noho ny nanaovanay azy ireny. Mandinika an'izay amindranay izahay. Tsy manana fandeha azo antoka intsony izahay, raha ara-batana no tenenina, tahaka anay fahiny. Saingy, Tompo, raha mahita an'ilay fiainana mety maty izay miha-malazo izahay, ary tsy misy na dia ny anankiray amin'ny dian-tongotray aza azo antoka raha tsy Ianao no mihazona ny tànanay.

199 Ankehitriny, Andriamanitra, raiso izahay, Sitrakao ve? Raiso ny fonay sy ny sitraponay ho eo an-Tànanao Manokana, ary avelao izahay ho lasa mpifatotra, izao hariva izao, amin'ny Teny, amin'i Kristy. Enga anie izahay hiaina amin'ny fiainana masina eto. Enga anie ireto vehivavy ireto, ireto vehivavy tanora ireto, ireto lehilahy tanora ireto, zazalahy sy zazavavy, hahafoy ny fiainany, Tompo. Ary enga anie ny fanirian'izy ireo ho lasa faniriana hanompo an'i Jesosy Kristy. Ary avelao izahay ho lasa mpifatotra iray amin'ny Fahasoavany sy ny sitrapony Masina. Ekeo izany, Tompo.

200 Izay ihany no haiko atao, Tompo. Ireo teny kely mitapatapaka ireo, ary izaho—izaho dia matoky fa Ianao no hanambatra azy ireny, mahitsy tsara. Satria, mafana ny andro eto, ary te-hihaino ny olona, saingy tena mafana tokoa ny andro. Ary maro no tsy maintsy handeha hody sy handeha hiasa vao maraina. Fa enga anie ireo voa ireo hipetraka mihitsy ao am-pon'izy ireo, "mpifatotra iray."

201 Hody any an-trano ka hiteny amin'ny vadiny, raha izy ireo . . . mialohan'ny hahavonona azy ireo handohalika sy hivavaka, izao tolakandro izao, na izao hariva izao, eo akaikin'ny tongom-pandriana, mifampijery mifanatrika, hanao hoe, "Ry malala, ahoana ny amin'izany, izao hariva izao? Tena lasa mpifatotra amin'i Kristy sy ny Sitrapony tokoa ve isika, sa—sa miasa amin'ny alàlan'ny sitrapontsika manokana isika?"

202 Enga anie ny lehilahy tanora sy ny vehivavy tanora, na aiza na aiza, indrindra ireo izay nandre ny Hafatra, izao hariva izao, hanontany ny tenany amin'izany fanontaniana izany ihany, "Manaiky ny ho lasa mpifatotra iray ve aho, hamoy ny fiainako manokana?"

203 "Izay mamonjy ny ainy no hahavery azy, fa izay hahavery ny Ainy noho ny Amiko no hahita azy." Ray, fantatray, fa izany dia: lasa mpifatotra iray Anao, manary ny fanirianay manokana sy ny sitrakay manokana, mba hahita ny Anao, amin'izay fotoana

izay vao manana ny Fiainana Mandrakizay izahay. Ekeo izany, Tompo.

204 Zavatra iray ihany no fantatro, dia ny mametraka an'izany eo an-Tànanao. Ary enga anie izany ho lasa be voa sy hamokatra fitaovana lehibe—lehibe ho an'ilay vokatry ny andro farany, lehilahy sy vehivavy, zazalahy sy zazavavy, hanolotena ho an'ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka, ka ho lasa mpifatotr'i Jesosy Kristy, amin'ny Fitiavany, voarojon'ireo gadram-pitiavana Masina amin'i Kristy. Mangataka an'izany amin'ny Anarany izahay.

Afoiko ny rehetra,

Ndao isika hitsangana.

Afoiko ny rehetra,
Ho Anao manontolo, ry . . . ? . . .

205 Ndao isika hiteny an'izany fotsiny indray, miaraka amin'ny masontsika mikimpy sy ny tànantsika mitsangana.

Afoiko ny rehetra,
Afoiko ny rehetra,
Ho Anao manontolo, ry Mpamonjiko finaritra,
Afoiko ny rehetra.

206 Ankehitriny, raha hanondrika ny lohantsika isika, ary alohan'ny hihirana an'ilay hira firavana, hoe *Raiso Eo Aminao Ny Anaran'I Jesosy*. Hanontany aho fa—fa ity rahalahy eto ity . . . Adinoko ny anarany. Ilay anabavy izay nijoro vavolombelona mikasika an'ireo aizina tonga teo amboniny, izay sitrana. Ary tsarovy, teo am-pijerena tany aoriana, dia lasa ilay voaly. Ny finoany no nanao an'izany. Ianao no mampirava anay, sitrakao ve, rahalahy? Ary angataho ireo fitahian'Andriamanitra ho eo amintsika.

Mpifatotra Iray MAG63-0717
(A Prisoner)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alarobia hariva, 17 Jolay, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org